

RESY LAHATRA

AVY EO DIA LIANA



Misaotra anao, betsaka, Rahalahy Parker.

Manao ahoana, ry sakaiza. Tsara ny tonga eto indray izao hariva izao. Ary ataoko fa reraky ny mipetraka ianareo, mihaino ahy. Ary izaho dia—tena reraka aho, farim-peo, farim-peo kely nohon'ny fitoriana tena mafy.

² Vao avy niresaka tamin-dRahalahy Parker aho teo, ary niteny taminy hoe mino aho fa ity no iray amin'ireo fivoriana tsara indrindra izay namelan'ny Tompo hisy ahy hatramin'ny ela be. Tsy goavana ilay izy, fantatrareo izay tiako lazaina, saingy tsy dia goavana loatra ilay izy. Tsy nisy betsaka loatra nanatrika azy, saingy ny—ny—ny hatsarany, dia nahafinaritra. Ny finoana, oadray, toy ny hoe mety hitranga ny zavatra rehetra. Tiako izany karazana fivoriana izany izay ahatsapanareo fotsiny toy ny hoe mety hitranga ny zavatra rehetra amin'ny fotoana rehetra. Ary izaho—tiako izany. Ary azoko antoka fa hisy vokatra maharitra, ary haneho ny tenany izany.

³ Mankasitraka tokoa ny faharetanareo rehetra aho, nipetraka, nihaino ahy nitory teny nandritra ny ora maro, ary avy eo niverina ny hariva manaraka. Azo antoka fa afaka mahatantany fanasaziana betsaka ianareo. Hitanareo? Noho izany aho dia. . . Fantatro fa manana faharetana tsara betsaka ianareo. Noho izany isika dia. . .

⁴ Tiako ny milaza, ho anay rehetra, fa mankasitraka anao izahay, Rahalahy Thomas. Tsy afaka milaza ny fihetseham-poko ho an-dRahalahy Thomas fotsiny aho. Izy, nihevitra aho fa nahafantatra azy, saingy nafangaroko tamin'ny olon-kafa izy. Afaka nandray tãnana ny vadiny sarobidy, kely aho. Ary mpanompon'i Kristy marina tokoa izy ireo. Ary manantena tokoa aho fa, raha sitrak'Andriamanitra, fa hihaona ireo làlanay, mbola imbetsaka, eo amin'ny fiainana.

⁵ Raha izaho ianareo olona, ka nipetraka nanodidina teto, dia ny fiangonany no ho toerana handehanako. Noho izany aho—tiako ny lehilahy iray izay. . .

⁶ [Hoy Rahalahy Parker Thomas hoe, “Halako ny manapaka an-dRahalahy Branham tahaka an'izao, saingy heveriko fa ho mety tsara izany amin'ity fanararaotra ity. Misaotra azy aho noho ireo fiderana sy ireo zavatra tsara nolazainy ireo. Nanontany fotsiny aho raha ny olona manodidina eto, sy ny rehetra manatrika an'ity fivoriana ity, no te-hanao azy hiverina indray. Ahoana ny amin'izany? Tian'ny olona rehetra ve izany?”

Mitehaka ny fiangonana—Mpand.] Misaotra anareo. [“Raha ny marina, tianareo ve ny hiverenany amin’ny Jona manaraka ary—ary hipetraka miaraka amintsika fotsiny? Raha tianareo, dia mitsangàna. Ndao.”] Misaotra anareo. [“Eny àry. Mahazoa toerana.”]

⁷ Misaotra anareo, betsaka. Mahafinaritra marina tokoa izany. Misaotra anao, Rahalahy Parker. Izaho dia tena... [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny olona iray—Mpand.]

⁸ Nilaza izy fa efa voaloha ny fandaniana rehetra, sy ny zavatra rehetra. Mankasitraka ny fiaraha-miasanareo tsara rehetra aho, fanampiana, satria, fantatrareo, tena lafo ny manao an’ireto fivoriana ireto. Ary noho izany dia efa voaloha ny zavatra rehetra. Tena mahafinaritra izany. Mankasitraka mihitsy isika. Ny zavatra rehetra, anatiny sy ny ankoatranay.

⁹ Efa namonjy ny Tompo, nanasitrana, ary niseho ny zavatra rehetra, noho izany dia faly fotsiny isika ny amin’izay. . . mahita an’izany. Tsy tiako ny mahita an’ity fihaonana ity hiditra ao amin’ny tantara. Fa ho avy indray izany amin’ny. . . Any aoriana, amin’ny fotoana ho avy, dia ho hitantsika ireo vokatra.

¹⁰ Ankehitriny dia te-hisaotra ny olona rehetra indray izahay noho, tiako ny hisaotra, noho ireo fanomezana kely nalefanareo ho ahy nandritr’ity fotoana ity. Mankasitraka an’izany tena, tena betsaka aho.

¹¹ Ary ankehitriny, handeha izahay ankehitriny hamangy an-dRahalahy Bigbee any Carolina Atsimo, Columbia, Columbus, Carolina Atsimo. Ary tokony ho any izahay rahampitso hariva sy Talata hariva, miaraka amin-dRahalahy Bigbee. Avy eo dia handeha any amin’ny Morontsiraka Andrefana izahay.

¹² Te-hangataka anareo aho, ary avy eo, avy any, heveriko, rehefa vitanay io asam-pitoriana any io, dia te-handeha any Afrika aho, Australie, Nouvelle-Zélande, ary manerana any. Afaka mangataka ny vavakareo ho ahy ve aho, mba hanampian’Andriamanitra ahy? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Dia misaotra betsaka anareo.

¹³ Ary tena mankasitraka izahay ny amin’ny zavatra rehetra. Milaza an’izany ho an’ny tenako aho sy ho an’ireo olona izay eto avy any amin’ny tabernakla. Izaho dia miaraka amin’ny. . . na ny sasany amin’ireo mpitantan-draharahanay eto, sy ireo diakona, ary ny sasany amin’ireo sakaizako avy any.

¹⁴ Eto ny pasiteranay. Tsy mbola afaka nahita an-dRahalahy Neville mihitsy aho. Heveriko fa efa nampahafantarina izy. Izany ve izy? [Hoy Rahalahy Parker hoe, “Hia.”—Mpand.] Hia. Rahalahy Neville. Aiza ianao, Rahalahy Orman. Tsy afaka ny mahatazana anao fotsiny aho. Ary, oh, oadray! Ery aoriana ery, tena goavana mihitsy. Tongava eto iray minitra.

¹⁵ Ity lehilahy ity, fantatro fa mpanompon'i Kristy marina. Metodista mafy orina iray izy, fa avy eo dia nandray ny Fanahy Masina. Ankehitriny izy dia Metodista iray an'ny Fanahy Masina. Ity no pasiteranay sarobidy.

¹⁶ Te-handray ny tãnanao aho, Rahalahy Neville. [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Misaotra anao. Andriamanitra hitahy ianao. Tsara ny mahita anao."—Mpand.] Misaotra anao. Misy seza...?...

¹⁷ Nahafantatra an-dRahalahy Neville nandritra ny taona maro aho, sy ny vadiny maha-te-ho tia, kely, talohan'ny nivadian'izy ireo mihitsy aza. Ary hatramin'ireo taona nahafantarako azy, dia tsy niova mihitsy izy na kely aza, fa niakatra ambony kokoa tao amin'Andriamanitra fotsiny. Izay ihany. Fa azo ianteherana izy. Tianay izy ankehitriny amin'ny maha-pasitera. Efa nandritry ny taona maro izy no tao, ary manantena izahay fa hijanona mandra-pahatongan'i Jesosy, raha izany no sitrapon'ny Tompo.

¹⁸ Ary ho tianao ve ny hilaza teny iray fotsiny ho an'ny olona, Rahalahy Neville?

¹⁹ [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny, faly tokoa aho ny tonga eto miaraka amin'ity lehilahin'Andriamanitra tsara ity, izay tombontsoako niarahana niasa nandritry ny folo taona izao. Tsy fantatro na nanao Gehazy tsara iray aho, na tsia, fa niezaka aho nitondra an'ilay tehina ho an'ity lehilahin'Andriamanitra ity. Mihoatra noho ny sakaiza iray izy amiko. Izy dia efa, mba ilazana azy, ray iray ao amin'ny Filazantsara, ho ahy, ihany koa, na dia mihoatra azy taona vitsy aza aho—Mpand.]

²⁰ ["Fa, kanefa, izaho dia tena faly, ihany koa, ny tonga ato amin'ity fivoriana ity. Nisy zavatra nihazona ahy teto amin'ny Southern Pines, ka tena tiako tsara ity toerana ity. Ary nankasitraka azy betsaka tokoa aho. Fantatro fa Andriamanitra no nandray anjara tamin'ny fahafahako ho tonga teto sy niaraka tamin-dRahalahy Branham ato amin'ity fivoriana ity. Noho izany, dia tena faly tokoa aho amin'ny fahatongavana eto, fa tena nandeha tsara sy tena mahafinaritra mihitsy ireo zavatra, fa tsy afaka midera ny Tompo betsaka fotsiny aho, izao hariva izao, noho izany rehetra izany.]

²¹ ["Fa, ambonin'ny zavatra rehetra, dia nilaza aho, rehefa tonga teto aho, dia misy zavatra anankiray iray manasongadina ny fivoriana manontolo ho ahy, ary izany dia ity Tenin'Andriamanitra ity. Amena. Izaho tsy... Raha tsy mahita olona iray sitrana mihitsy aho, raha tsy mahita olona iray mivavaka ho an'ny marary mihitsy aho, raha manohy manome ahy Ny Teniny fotsiny Andriamanitra, dia misy fifaliana izay mameno ny fanahiko, ary tonga avy eo amin'ny faladian'ny tongotro ka hatrany an-tampon'ny lohako, ity Tenin'ny Tompo ity. Ary, amena.]

²² ["Faly aho fa Andriamanitra dia nitahy an'ity, mpanompo sy mpaminanin'Andriamanitray ity. Ary tsapako fa nivoaka avy taminy nankao amiko ilay Fitahiana, noho izany dia faly aho ny tonga eto. Manantena aho fa nahatsapa an'ilay zavatra iray ihany izay tsapako ianareo rehetra, tao amin'ireto fotoana ireto. Nitahy ny Mpanompony eto amin'ity toerana ity marina tokoa Andriamanitra. Ny antony ahafantarako an'izany, dia izy no nilaza an'izany vao teo. Ary zavatra lehibe sy mahery no ananantsika ao amin'ny Finoana, izao hariva izao!"]

²³ ["Ray, ny Baiboly dia mampianatra antsika, fa tsy mila manana an'ireo zavatra hita maso isika. Ny hany ilaintsika dia, rehefa mivavaka isika, mino, dia efa azontsika ilay izy. Amena. Manana azy ireo aho ankehitriny, satria tahaka an'izany no ilazan'ny Baiboly azy. Ary faly aho ao amin'izany, satria Andriamanitra dia manao an'ireo zavatra mahafinaritra ireo amin'ny alàlan'ity, ny pasiteranay, mpanompo sy mpaminanin'Andriamanitra, Rahalahy Branham. Ary enga anie ny Tompo hitahy azy mandrakariva sy hanohy hitahiray azy amin'izany Làlana izany. Deraina ny Tompo!"]

Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville, avy amin'ny fonay rehetra.

²⁴ Ankehitriny, fantatrareo, rehefa mandeha any amin'ny fitsangatsanganana iray ianareo, raha misy olona mamboly hazo kely iray any ho any, eny, ianareo dia tsy afaka, tsy fantatrareo na mbola eo foana ilay izy na tsia, hitanareo, satria efa napetraka fotsiny ilay izy, nambolena, na zavatra iray. Fa rehefa fantatrareo fa misy hazo ôka antitra anankiray izay efa nijanona mafy fotsiny eo, dia afaka mieritreritra tsara mihitsy ianareo ny handeha eo ambanin'io hazo io ka hiala sasatra. Rahalahy Neville izany, tsy miova fotsiny isan'andro, manohy mandeha fotsiny hatrany. Noho izany dia tena faly aho ny amin'izany.

²⁵ Izahay dia manana—manana rahalahy iray hafa eto, pasitera kely iray, iray amin'ireo fiangonana rahavavin'ny fiangonanay any. Raha tsy manatona izy, dia tiako izy hitsangana, Rahalahy Junior Jackson, Metodista iray hafa feno ny Fanahy Masina. Junior Jackson, aiza ianao? Rahalahy Junior Jackson, Metodista iray, feno ny Fanahy Masina. Io izy, eto mihitsy, Rahalahy Jackson. Te-hilaza zavatra ve ianao, na inona na inona tianao holazaina? Eny àry.

²⁶ Ny iray hafa eto dia Rahalahy Palmer, iray hafa amin'ireo rahalahinay eto. Hitsangana fotsiny ve ianao, Rahalahy Palmer? Pasitera iray avy any Macon, Georgia, iray amin'ireo sakaizanay izy.

²⁷ Ary Rahalahy Fred Sothmann, fantatro fa eto izy. Iray amin'ireo mpitantan-draharahanay ao amin'ny fiangonana izy.

Aiza ianao, Fred? Ato any ho any, mipetraka eny amin'ny farany aoriana.

²⁸ Rahalahy Banks Wood, aiza ianao, Rahalahy Banks? Izy dia iray amin'ireo mpitantan-draharahanay hafa, *eto*.

²⁹ Rahalahy Banks dia Vavolombelon'i Jehovah iray, fantatrarao. Ary tonga tao amin'ny fivoriana izy, ary nanana zazalahy kilemaina iray izy, David, nivilana ny ranjony, nohon'ny lefakozatra. Ary tao amin'ny fivorian'ny tranolay aho, ary voalohany no nahitany ny... Izy dia tany—tany Dallas, ny hariva...na, Houston, rehefa nidina tao amin'io endrik'io Hazavana io ny Fanahy Masina, ary naka ny sarin'Izany izy ireo. Tany Rahalahy Wood. Noho izany, tsy nahafantatra azy aho tamin'izany. Ary noho izany dia nanangom-bola betsaka izy. Mpiantoka iray izy. Tonga izy tamin'ny fivoriana manaraka. Nandeha tany ampitan-dranomasina aho, avy tany, ary nandeha nankao amin'ilay fivoriana manaraka. Nitondra ny zananilahy kilemaina izy, ary lefakozatra. Ary izahay raha mbola... Nijoro teo aho teo ambanin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina, nandeha nitety ny vahoaka betsaka, niresaka taminy. Niteny taminy ny rehetra mikasika an'izany. Niteny taminy mba hitsangana.

³⁰ David, aiza ianao? Eto ve ianao, izao hariva izao? Hia. Ilay zazalahy izay kilemaina, izy io. David, raha tsy mino ny olona fa Andriamanitra dia afaka manasitrana lehilahy iray izay nanana ny ranjony nivilana niaraka tamin'ny lefakozatra, sy ny sisa, dia maniry aho ny handehananao eto fotsiny, iray minitra fotsiny, asehoay azy ireo hoe ahoana fa afaka mandeha ianao. Hia. Hia. Io, tsy hanaovana fampisehoana ampahibemaso fotsiny, fa fijoroana vavolombelona iray fotsiny. Io, hitanareo, tsy misy na dia fandrìngàna iray akory aza na inona na inona hafa, ara-dalàna tanteraka sy salama. Hitanareo? Tena, tena mahafinaritra tokoa izany, izay azon'ny Tompontsika atao. Ankehitriny, raha hanao an'izany ho azy Izy, nahoana, hanao an'izany ho an'olon-kafa Izy. Hitanareo? Noho izany, azo antoka, izany fotsiny dia hoe raha afaka manana an'izany karazana finoana izany isika.

³¹ Ankehitriny, mazava ho azy, ianareo rehetra dia mahafantatra tsara, mahafantatra an-dRahalahy Ben eto. Izy fotsiny...fantatrarao, io lehilahy izay azonareo renesina mihoatra noho ny olona rehetra io, manao hoe, "Amena." Hiteny kely aminareo aho. Halako ny milaza an'ity mikasika azy; ny vadiny mipetraka eo. Isika rehetra dia tia an'i Ben. Ary talohan'ny nanambadiany izany. Tany amin'ny Morontsiraka Andrefana aho. Ary io zazalahy io dia avy any atsimon'i Indiana.

³² Tany amin'ny Morontsiraka Andrefana aho, nitony teny fotsiny, tany indray hariva, San Fernando Valley, lohasaha, niaraka tamin'ny vahoaka Batista, tranolay goavana feno olona. Ankehitriny, karazana olona mihaja izy ireo, fantatrarao. Ary

nitiry teny fotsiny aho. Nandre hiakiaka mafy iray avy hatrany aho; antontam-bolo mainty, nangovitra, tahaka ny—tahaka ny—tahaka ny—tahaka ny Meksikana iray; tongotra roa goavana niainga teny amin'ny rivotra; ny tãnany tahaka an'izao. Nijanona aho. Hoy aho hoe, “Ben, ahoana marina no nahatongavanao teto?” Teo izy.

³³ Andriamanitra hitahy anao, Ben. Tsy misy afa-tsy hoe mitsangàna fotsiny ianao, mitsangàna fotsiny, ianao sy ny vadinao. Tianay fotsiny ny olona mba... Rahalahy Ben, izany ilay nanao an'ireo “amena” rehetra eto amin'ity zorony eto ity. Andriamanitra hitahy anao. [Hoy Rahalahy Ben Bryant hoe, “Maniry ny vavakao rehetra. Matoky izahay fa hiverina any amin'ny saha misionera, tsy ho ela loatra, any amin'ireo tendrombohitra, Rahalahy Branham.”—Mpand.] Amena. Andriamanitra hitahy anao.

³⁴ Rahalahy Way, misionera iray hafa, izay miezaka ny handeha amin'ny lalany mankany amin'ireo sahan'ny misiona. Miaraka amintsika izy, izao hariva izao. Fantatsika izy. Nivahiny teto amin'ny nisy anay vetivety izy. Aiza ianao, Rahalahy Way? Ato amin'ny fivoriana ve ianao? *Eto* mihitsy, sy ny vadiny. Ary ankehitriny, teneniko aminareo, ilay ady teo amin'i Angletera sy Norvezia dia nilamina. Anglisy iray izy, ary izy dia Norveziana iray. Tapitra ny rehetra. Olona maha-te-ho tia. Eny, tompoko. Tapitra ilay ady.

³⁵ Teto Rahalahy Boze, indray hariva, nampiseho ny sariny, ary nanao hoe, “Oh, eny,” hoy izy, “misy vehivavy iray...” Izany dia Ranabavy Sothmann. Ary maniry aho ny hitsanganany, miaraka amin'i Fred, ato any ho any. Olona maha-te-ho tia. Ary Norveziana iray izy. Mazava ho azy, Rahalahy Boze dia—dia Suèdois iray. Ary hoy izy hoe, “Ham! Ham!” Fantatrareo hoe ahoana no ataon'i Joseph. Hoy izy, “Misy ramatoa iray eto, anabavy iray,” hoy izy, “Norveziana iray izy.” Hoy izy, “Mazava ho azy, raha tsy afaka ny ho Suèdois iray ianareo, dia tsara ny ho Norveziana iray.”

³⁶ Nivoaka tany ivelany, dia nijery ahy izy. Dia hoy aho hoe, “Mazava ho azy, Joseph, mampalahelo loatra fa tsy afaka ho Irlandais izy rehetra, olona Irlandais.” Noho izany dia manana toetra mampihomehy izahay rehetra any.

³⁷ Rahalahy Higginbotham, aiza ianao? Manodidina eto any ho any, eny, lehilahy masina iray hafa avy any amin'ny misy anay. Anankiray izay mpitantan-draharaha iray ao amin'ny fiangonana any, nandritra ny taona sy taona. Ary ny sakaizany, Ranabavy Arganbright, Ranabavy Ruth Arganbright, eto mihitsy. Mino aho fa mipetraka eto amin'ny lalantsara izy. Mitsangàna. Firy no mahafantatra an'i Minor Arganbright? Iray amin'ireo filoha lefitry ny Full Gospel Business Men, zanaky ny mpiray tam-po aminy.

38 Oh, oadray! Raha misy adinoko ny iray aminareo olona, izaho—mirehareha ny aminareo rehetra aho, ny tsirairay avy. Faly aho fa miaraka aminay eto ianareo. Tsy mahafantatra izahay, miditra sy mivoaka. . .

39 Rahalahy sy Ranabavy Dauch mipetraka eo, ihany koa, ary Ranabavy Brown, Rahalahy Brown.

40 Rahalahy McKinney, mpitory teny Metodista iray hafa miaraka amin'ny Fanahy Masina. Aiza ianao, Rahalahy McKinney? Aiza ianao, manodidina eto? Avy any Ohio izy. Eto, eto amin'ny farany aoriana eto, iray hafa feno tanteraka, teraka tao amin'ity Teny ity, Metodista afaka tanteraka. Marina izany. Ankehitriny, batisan'ny Fanahy Masina, mandroso ho an'Andriamanitra.

41 Pat Tyler, sakaizako akaiky iray hafa mipetraka eto. Rahalahy Pat, mitsangàna. Mety mahafantatra an'i Pat Tyler ianareo rehetra. Misaotra anao, Rahalahy Pat. Andriamanitra hitahy anao. Efa jiolahy iray izy, mpitifitra, mpamono olona. Namonjy azy Andriamanitra ary nanao olo-masina iray avy taminy. Mpanakana fiara manerana ny firenena, mba hanarahana an'ireo fivoriana sy ny sisa.

42 Fantatrao ve izay eritreretiko ny amin'ireo olona ireo, hoe avy aiza izy ireo? Mieritreritra ny Hebreo aho, ny toko faha-11, "Notsofaina nisaraka, sy nirenireny nitafy hoditr'osy sy hoditr'ondry, tsy mendrika ho azy ireo izao tontolo izao." Manao ny fanambarany izy rehetra.

43 Tom Simpson, aiza i Tom? Tonga ve izy? Nihevitra aho fa nahita ny fiarany tao ivelany tao. Izy sy ny fianakaviany, nihevitra aho fa teto izy. Diso angamba aho. Eny. Miakatra sy midina, tahaka ny fandrika eo amin'ny tadim-pintana any, "bomp-bomp," tahaka an'izany. Eny àry.

44 Ny Tompo hitahy anareo rehetra. Faly izahay tonga eto. Misy hafa eto avy any Georgia, toerana samihafa. Ary faly izahay fa eto ianareo rehetra, ary mihaona, amin'ireo sakaizanay fahiny.

45 Mijery an'i Ranabavy Peckinpaugh avy any Chicago ve aho? Nihevitra aho fa nijery. Ary Ranabavy Little, ary eo akaikiny, ary—ary Ranabavy D'Amico, olona sarobidy, malala avy any Chicago, io vondrom-behivavy io izay tena malala amiko.

46 Ary ireo hafa mipetraka eto. Ilay rahalahy, tsy afaka miantso ny anarany akory aza aho, ary avy any Georgia any ho any. Izaho. . . Io rehetra io, oh, oadray, toy ny hoe miraikitra fotsiny izy rehetra eto. Faly izahay ny tonga ao amin'ity fiombonana ity.

47 Niteny tamiko Rahalahy Bosworth antitra taloha, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, fantatrao ve hoe inona ny fiombonana?"

Hoy aho hoe, "Mihevitra aho fa mahafantatra."

48 Hoy izy, “Izany dia olona roa ao anaty sambo anankiray fotsiny.” Noho izany dia eo isika izao, fa manana fiombonana isika. Ny Tompo anie hiahay anareo.

49 Misaotra anareo ny amin’izay rehetra nataonareo. Ary ho raisiko naoty ny iray amin’ireto, ity fivoriana ity, eo amin’ny lisitrako, ho iray amin’ireo marika mena an’ny andron’ny asampanompoako, nohon’ny fiaraha-miasanareo mahafinaritra, ireto rahalahy sy anabavy mahafinaritra ireto, ary ny olona rehetra izay tsara fandrany. Mahatsapa ho tena any an-trano fotsiny aho, hany ka nitory teny nanao ny tenako ho farim-peo.

50 Ankehitriny, Rahalahy Ned Iverson no hanohy ny fotoana aoriako, any—any Columbia, miaraka amin-dRahalahy Bigbee. Rahalahy Ned, ato ve ianao, izao hariva izao? Tsy fantatro na . . . Eny, amin’ny farany aoriana. Presbyterana iray, feno ny Fanahy Masina. Ah-hah.

51 Ary Dr. Lee Vayle sy ny vadiny, sakaizako sarobidy, malala. Niara-niasa tamiko tao amin’ny fivoriana Rahalahy Vayle, sakaiza sarobidy iray. Ataoko fa efa nampahafantarina daholo ireo lehilahy ireo sy ny sisa. Eto ve ianao, Rahalahy Vayle? Ato amin’ny tranobe ve ianao, izao hariva izao? Eny amin’ny farany aoriana. Ny Tompo hitahy anao. Ranabavy Vayle, aiza ianao? Tsy mahavita afa-tsy ny manofahofa anao aho. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Tena faly isika manana azy rehetra ireo eto.

52 Ary mivavaha ho ahy ianareo rehetra ankehitriny. Ary mandroso amin’ny finoana fotsiny aho, mino fa, saiky amin’ny fotoana rehetra, dia mety hahita ny Fihavian’ny Tompo isika. Tsy fantatro fotsiny hoe ahoana, rahoviana, aiza, fa te-ho vonona aho rehefa tonga Izy. Ary indraindray dia mety hieritreritra aho fa mety ho tahaka an’izao izany, ary mety ho fomba *hafa*. Fa, na ahoana na ahoana, dia te-ho eo aho rehefa tonga Izy. Te-handeha hiaraka Aminy aho. Ankehitriny, izany no faniriako. Ary tsy hoe te-handeha fotsiny aho, fa tiako ireo sakaizako rehetra, ary tiako ireo fahavaloko rehetra mba handeha, ihany koa. Tiako handeha ny olona rehetra.

53 Nanana an’ilay fahitana kely aho, na, tsy tiako ny hiantso azy hoe famindrana. Tsy mbola nanana fahitana iray tahaka an’izany mihitsy aho. Nitsangana tany ambony tany aho nijery an’izany, nijery ny tenako, teto vao tsy ela. Maro aminareo no namaky an’izany tao amin’ireo magazina sy ny sisa. Ry sakaiza, ianareo—tsy afaka ho diso an’izany ianareo. Aza manao an’izany fotsiny.

54 Ankehitriny, misy toerana iray any. Tany aho tahaka ny maha-eto ahy mihitsy, nijery ny tenako. Efa nanana fahitana aho. Fantatro hoe inona ireo fahitana. Raha fahitana iray ilay izy, dia izany no anankiray hafahafa indrindra izay hany nananako. Ary hitako ny olona, ireo izay efa lasa. Hitako tany

izy ireo. Ny antitra dia tanora. Ary nitsangana teo izy ireo, olombelona tahaka ahy mihitsy, fa tsy nisy fahotana fotsiny. Tany ankoatry ny fahatanterahana izany. Ambony indrindra! Ianareo—tsy afaka milaza fotsiny ianareo hoe inona izany.

⁵⁵ Ary rehefa fantatro fa tsy maintsy miverina aho, dia zavatra anankiray ihany, izay, hiverenako, ny hiezaka handresy lahatra ny olona. Na inona na inona ataonareo, dia aza diso an'izany. Aza diso an'izany. Aza diso an'izany. Tsy afaka ho diso an'izany ianareo. Ny zavatra hafa rehetra, avelao handeha ny zavatra hafa rehetra, fa miomàna ho an'izany, hitanareo, na inona na inona ataonareo.

⁵⁶ Handeha any amin'ireo sahan'ny misiona aho ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, amin'ity ririnina ity, rehefa tafaverina avy any amin'ireto dia ireto aho, noho izany dia mivavaha ho ahy. Satria, eto dia mora ilay izy, matetitetika dia mahita fanahy maloto miditra ao amin'ny fivoriana ianareo ary miezaka hanelingelina. Fa any amin'ireo toerana ireo, dia ireo mpampianatra mpamosavy sy ireo devoly izany. Tsaratsara kokoa aminareo ny mahafantatra an'izay resahanareo. Efa nanana tokoa aho. Satria, demony izy ireo, ary hihaika anareo avy hatrany izy ireo. Fa, oh, ahoana, tsy nisy fotoana iray... Milaza an'izany miaraka amin'ny tânako eto amin'ny Baibolika aho. Tsy nisy fotoana iray, ary fantatrareo fa afaka mieritreritra ianareo hoe impiry izany no efa nohaikena nanerana an'izao tontolo izao, ka tsy niditra teo amin'ny sehatra Andriamanitra ary nandrovitra an'ireo lamban'efitra, ka naneho ny Tenany, Andriamanitra, tahaka Azy tamin'ny andron'i Elia mihitsy. Mbola Andriamanitra foana Izy. Hia. Tsy nisy fotoana iray. Izany no antony hoe izaho... .

⁵⁷ Ny sasany aminareo, ireo mpitoriteny sasany, dia tonga ka mangataka ahy ho tonga any amin'ny toerany. Miandry aho mandra-pahatsapako ho voatarika handeha. Amin'izay fotoana izay raha tonga aho, tonga amin'ny anarako manokana fotsiny, raha tonga tahaka an'izany aho, dia ny ho sakaizanareo fotsiny. Fa rehefa mahatsapa voatarika ho tonga aho, dia afaka ho tonga amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho. Mametraka ny tongotrareo any ivelan'io fiaramanidina io, ahy izy. Amena. Feheziko izany rehetra izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy hihaona Aminy ianareo any arak'izany, satria ambasadaoron'Andriamanitra ianareo amin'izay fotoana izay. Fa ankehitriny, rehefa fiangonana iray no mandefa anareo, na, sakaiza iray no miantso anareo, zavatra iray, dia mandeha fotsiny ianareo, manombatombana indray. Oadray, manombatombana! Ataoko fa leo mihaino an'izany anankiray izany ianareo.

⁵⁸ Ankehitriny dia ndao isika hamadika ao amin'ny Baiboly tsara tranainy. Ary alohan'ny hanaovantsika an'izany, dia ndao isika hivavaka. Hitanareo, miresaka isika, sy—sy ny sisa, ary

ankehitriny dia ndao isika hampifantoka ny saintsika eo Aminy ankehitriny mandritra ny minitra vitsy manaraka.

⁵⁹ Ry Rainay any An-danitra, nisaotra ny olona izahay nohon'ny hatsaram-panahiny, sy ny fihetseham-pony lehibe, mahery aminay, ary toy ny ahoana no ankasitrahanay azy ireo. Ary ankehitriny, Ray, dia te-hisaotra Anao izahay, ambonin'ny zavatra rehetra, satria Ianao, Tompo, no nanao an'izao. Ianao no nitahy anay ka namela anay hiara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy. Ho nanelingelina i Satana ary—ary nanimba ny fivorianay. Saingy tena tia anay tsara mihitsy Ianao, hany ka Navelanao hiara-miangona izahay ary hanana fiombonana manodidina ny Teny. Ary tena mankasitraka an'izany izahay, Andriamanitra. Na dia farim-peo kely aza nohon'ny harerahan'ny feo, Tompo, dia nanana fotoana iray nahafinaritra mihitsy aho, nahatsapa Ny Fanahinao nitahy ny fanahiko. Ny Teny, tsy mila na inona na inona fotsiny, mikoriana tahaka ny renirano fotsiny, hany ka tsy maintsy mipetraka fotsiny aho. Andriamanitra, tena mankasitraka aho ny amin'izany.

⁶⁰ Ary enga anie ny Rahalahinay Parker, sy ny ekipany rehetra, ary ity toerana izay nanasa anay ity, Tompo, enga anie ho voatahy izy ireo. Omeo fanahy an'arivony izy ireo. Mihainoa, raha mivavaka ho an'ny marary izy ireo. Henoy ny vavak'izy ireo, Tompo, ka sitrano ny marary. Ary rehefa miezaka manao zavatra amin'Ny Anaranao izy ireo, dia hajao izany, Tompo. Omeo azy ireo ny vokatry ny Fanahy. Ary ny... Ary omeo azy ireo ny faniriana lehibe an'ny fony, Tompo, ireo fanahy ho karaman'izy ireo. Enga anie, amin'io Andro io rehefa mitsangana any izahay eo Anatrehanao, enga anie ho tonga avy hatraiza hatraiza ireo fanahy, manipy ny sandriny manodidina an'io lehilahy sarobidy, masina io sy ny ekipany hoe, “Raha tsy nijanona teo amin'ny saha ianao, Rahalahy Parker, dia tsy ho tonga teto izahay.” O Andriamanitra, fantatray fa izany no faniriana tso-po an'ny mpanompo marin'i Kristy rehetra, mahafantatra fa afaka mitarika an'ireo olombelona mahantra, very izy ireo mankeo amin'ny Kristy iray mamonjy. Misaotra Anao ny amin'izany rehetra izany.

⁶¹ Ary ankehitriny, Tompo, mivavaka izahay ankehitriny mba Hitahianao ny tsirairay avy. Ary tahio ireo fivoriana ho avy, hatraiza hatraiza. Mandehana miaraka amin'ny tokan-trano tsirairay. Mombà azy ireo rehefa miala izahay, izao hariva izao, handeha any amin'ireo tokan-tranonay samihafa. Mombà anay eny amin'ny lâlana. Mijanòna eo amin'ny familiana. Ampanalaviro anay ny fahavalo, Tompo. Ary mivavaka aho mba Hanekena an'ireo zavatra ireo.

⁶² Ankehitriny dia omeo anay ny fanirian'ny fonay, ny fangatahana tsirairay, izao hariva izao. Ary ny ahy, Tompo, dia ny Hamakiana ho anay indray, izao hariva izao.

Raha misy eto tsy voavonjy, dia vonjeo izy ireo. Izay rehetra mila ny Fanahy Masina ao amin'ny batisa, dia enga anie ho tonga Izy izao hariva izao. Izay marary; sitrano izy ireo. Izay reraka; omeo fifaliana izy ireo. Ekeo izany, Tompo. Tahio Ny Teninao ankehitriny raha mamaky Azy izahay, ary enga anie ny Mpanoratra hanome anay ny foto-kevitra. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

⁶³ Masindahy Jaona, toko faha-1, 35 hatramin'ny 41, tiako ny hamaky an'ireto Teny sarobidy ireto.

Ary ny ampitso indray dia nitsangana Jesosy, sy ny roa tamin'ireo mpianany; . . . (Mamelà ahy) . . . rehefa nitsangana i Jaona, sy ny roa tamin'ireo mpianany;

Ary nijery an'i Jesosy raha nandeha izy, hoy izy, Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra!

Ary mpianatra roa, ireo mpianatra roa rehefa nandre azy niteny, dia nanaraka an'i Jesosy.

Dia nitodika Jesosy, ka nahita azy ireo manaraka, dia nanao tamin'izy ireo hoe, Inona no tadiavinareo? Hoy ireo taminy hoe, Raby, (izay atao hoe, raha adika, Mpampianatra,) aiza ianao no mitoetra?

Izy nanao tamin'izy ireo hoe, Avia ka jereo. Ary tonga izy roa lahy ka nahita an'izay nitoerany, dia nitoetra teo aminy tamin'izany andro izany: fa tokony ho tamin'ny ora fahafolo tamin'izay.

Ny iray tamin'ireo roa izay nandre an'i Jesosy na . . . Jaona niteny, ka nanaraka azy, dia Andrea, rahalahin'i Simona Petera.

Izy no nahita an'i Simona rahalahiny manokana aloha, ka nanao taminy hoe, Efa nahita ny Mesia izahay, izany hoe, raha adika, ny Kristy.

Dia nitondra azy nankany amin'i Jesosy izy. Ary nony nijery azy Jesosy, dia hoy izy hoe, Ianao no Simona zanak'i Jona: ianao dia hantsoina hoe Kefasy, izany hoe raha adika, Ny vato.

⁶⁴ Enga anie Andriamanitra hanampy ny Fitahiany amin'ity Teny ity ankehitriny. Ankehitriny, te-hisintona aho, izao hariva izao, raha sitraky ny Tompo, ho an'ny kely iray, ho an'ny—ny teny iray, teny roa izay tiako hampiasaina avy eo. Ny teny roa izay tiako hampiasaina dia “liana” ary “resy lahatra.”

⁶⁵ Ankehitriny, araka ny fantatsika, ary isika rehetra dia mahafantatra, fa isika ankehitriny dia mahita fangatsiahana lehibe, manerana an'ireo firenena. Nanomboka aho tamin'ny voalohany, dia nisy hafanam-po betsaka tao amin'ny fivoriana. Tao amin'ny fivoriam-bavaka ny olona, hatraiza hatraiza. Nitsikera, nitsikera ahy ireo gazety. Nandeha fiara telo arivo maily tao anatin'ny taxi iray ny vehivavy iray, mba

hahatongavana fotsiny tao amin'ny fivoriana tany Canada. Tsy liana tahaka an'izany intsony izy ireo. Toy ny hoe nisy fihemorana iray ilay izy. Ary toy ny hoe tsy misy fahalinana betsaka, tsy betsaka loatra intsony, na ahoana na ahoana, tsy betsaka araka ny tokony haha-izy azy ireo. Fahalinana tena kely.

⁶⁶ Ankehitriny, saiky ny fahalinana tokana izay ananantsika, dia tsy ireo fivoriana mandritry ny alina manontolo. Rehefa, izaho—nijanona teo amin'ny lampihazo aho indray mandeha nandritra ny valo andro sy alina, tsy niala, niezaka nivavaka ho an'ny olona rehetra. Ary tamin'ny farany, dia nisy olona efatra alina mahery niandry mba hivavahana. Hitanareo? Tsy afaka nanao an'izany aho. Fa naka vondrona iray izy ireo tamin'*ity* lâlana ity, ary nandeha nankany anaty ala; naka vondrona iray izy ireo tamin'*ity* lâlana ity, nandeha tany anaty ala; nivavaka ireo mpitoriteny mba ahazoan'ny olona ny batisan'ny Fanahy Masina. Tsy afaka niala sasatra fotsiny raha tsy nandray ny Fanahy Masina izy ireo.

⁶⁷ Miala tsiny aho. Nilaza aho hoe roa arivo sy efatra alina. Mino aho, raha hijery ao amin'ilay magazina ianareo, dia nisy valo arivo sy roa alina, izay ilay izy, izay mbola niandry. Nanerana an'ireo maily nanodidina an'i Jonesburg, dia tsy nisy toerana iray azonareo nofaina akory aza. Ary natsangana ireo tranolay, sy ny zavatra rehetra. Tsy liana tahaka an'izany intsony izy ireo. Hitanareo? Eo am-pahafatesana ireo afom-pifohazana.

⁶⁸ Liana, ankehitriny dia, “Tongava fotsiny ka mikambàna amin'ny fiangonana.” Na, ny fahalinana lehibe iray dia, “Tohano ny asa amin'ny radio iray, na fandaharan'ny televiziona iray, ary manao an'izany ho karazana fampisehoana iray,” ary ho—ho an'ny soa, mazava ho azy, azo antoka. Tranobe goavana, manangana sekoly lehibe, sy ny sisa, tahaka an'izany. Toy ny hoe izany ilay—ilay fahalinana ankehitriny. Karazan'ny very ilay fijery an'izany vavaka sy fanerena izany, sy tahaka ny nananan'izy ireo taloha. Misy zavatra izay nitranga. Tiako ho fantatra fotsiny hoe inona ilay izy. Ary ankehitriny dia toy ny hoe tsy liana izy ireo mikasika . . .

⁶⁹ Afaka mamangy an'*ity* fiangonana ity ianareo, na miantso ny olona hanatona ny alitara, ary taloha dia nihazakazaka fotsiny nankeo amin'ny alitara izy ireo. Ary efa hitako ny fotoana raha mbola teo am-pitoriana aho, talohan'ny nahafahako nahavita ny toriteniko mihitsy aza, dia feno olona nilahatra ny alitara sy ny lâlantsara aloha sy aoriana. Efa hitako ny fotoana izay nivoahan'ny Fanahy Masina nankao amin'ny mpanatrika, ary—ary nilaza mialoha sy niteny zavatra tamin'olona iray, dia nitolagaga ny olona ka torana teo amin'ny sezany mihitsy.

Misy zavatra tsy mety any ho any.

⁷⁰ Mbola manao an'ilay zavatra iray ihany foana. Mbola ilay Filazantsara iray ihany foana. Tsy niova mihitsy aho

hatramin'ny nanombohako na kely aza. Nanomboka fotsiny tamin'ilay Tenin'Andriamanitra mihanjahanja, tsy nisarona aho, ary nijanona tsara teo amin'Izany, hatramin'izay. Roa amby telopolo taona no naha-tao ambadiky ny polipitra ahy, ary tsy nanaisotra na inona na inona mihitsy na nanova na inona na inona; milaza azy fotsiny tahaka ny nanombohako. Tsy afaka manaisotra an'izany aho. Tenin'Andriamanitra izany. Ary—ary raha milaza Azy fotsiny tahaka ny Voalazany *eto* aho, amin'ny manaraka dia tsy maintsy milaza an'ilay zavatra iray ihany aho, satria *eto* dia arak'izay nanoratana Azy *eto*. Hitanareo? Noho izany, tsy afaka manao na inona na inona hafa mikasika an'Izany fotsiny aho. Ary mbola manao an'ilay zavatra iray ihany foana ny Fanahy Masina.

⁷¹ Noho izany, fa toy ny hoe tsy misy fahalinana betsaka ilay izy. Ankehitriny aho dia . . . manontany hoe nahoana, nahoana no tsy misy fahalinana tahaka ny nisy taloha intsony? Izany dia, mino aho fa raha tsy misy fahalinana betsaka tahaka ny nisy taloha intsony, dia tsy resy lahatra tahaka azy ireo taloha intsony izy ireo. Tsy maintsy resy lahatra ianareo alohan'ny ahafahanareo ho liana.

⁷² Tsy liana, maka ny fotoana ianareo ankehitriny, ka raha tokony mitory filazantsara sy miezaka manao zavatra, ny olona rehetra dia mila sekoly iray goavana be, na zavatra goavana be izay azon'izy ireo ampianarina, ary—ary manao an'ireo mpitoriteny hanana fanao tsaratsara kokoa eo amin'ny polipitra sy ny sisa.

⁷³ Fantatrareo ve izay inoako? Mino aho fa tsy resy lahatra ny olona hoe ho avy tsy ho ela Jesosy. Tsy mino aho fa resy lahatra izy ireo fa ho avy ao amin'ity taona ity Izy. Ary mino aho fa izany no antony tsy mahaliana azy ireo, satria tsy resy lahatra tanteraka izy ireo. Marina. Tsy resy lahatra izy ireo fa miaraka amin'izy ireo Izy. Raha izany izy ireo, dia ho niverina tamin'ny Teny. Marina izany. Ary ankehitriny dia olona maro no tsy mahazo tsara an'izany.

⁷⁴ Ny tia, ny tia dia—dia mifehy. Tsy maintsy mananatra ny olona ianareo, raha tianareo izy ireo. Raha nipetraka teny andalana ny zanakareo vavy kely, araka ny nolazaiko aninkeo maraina, nanamboatra mofomamy fotaka; raha tia azy marina tokoa ianareo, dia ho nanala azy teo amin'io lalana io.

⁷⁵ Ahoana moa raha hoy ny vadinareo. . . John *Ranona*, na iza no anaranareo, fantatrareo, navelanareo nivoaka niaraka tamin'ny lehilahy hafa iray fotsiny izy, satria hoy ianareo hoe, “Ho tahiana anie ny fony kely! Tiany ny manao an'izany. Ary tiako loatra fotsiny izy, havelako hanao an'izany izy.” Ho vady mahantra fadiranovana iray ianareo. Tokony hiala aminareo izy, ary haka olona iray izay tia azy, izay hikarakara azy. Tsy tahaka

an'izany no tiako ilazana azy, satria tsy afaka manao an'izany ianareo.

⁷⁶ Fa ny ezahako ahatangavana dia ity: hoe, raha nilaza tamin'i Eva Andriamanitra hoe, "Eva kely mampalahelo. Fantatrao, Zanako ianao. Izaho—Izaho—Izaho...Tsy fanahy inianao ny hanao an'izany?" Mazava ho azy, tsy fanahy iniany ny nanao an'izany. Izany tokoa, tsy fanahy iniany. Saingy nataony ilay izy. Ary fantatsika fa nataony ilay izy. Mbola mahita ny vokatr'izany foana isika. Fa, hitanareo, Izy—tia azy Izy, ary Izy—tsy maintsy nihazona Ny Teniny taminy Izy.

⁷⁷ Ary tsy maintsy mihazona Ny Teniny amintsika Andriamanitra, noho izany dia tsy maintsy mankatò Ny Teniny isika. Ary rehefa mankatò Ny Teniny isika, ka mahita Azy avy eo manamarina an'izay Nolzainy fa Hataony, dia resy lahatra isika, marina, fa marina ny Teny. Ankehitriny, rehefa mahita isika, dia mitondra isika. . .

⁷⁸ Teto vao tsy ela akory izay, ity evanjelista malaza ity tamin'ny Mohametana iray, namaky an'izany tao amin'ny gazety ianareo, tahaka ahy. Nahaika an'io evanjelista io ity Mohametana ity, hoe, "Jesosy Kristy dia lehilahy iray hivavahana; hoe nanaraka lehilahy iray ny olona." Nino an'ilay Andriamanitra iray izay ninoan'ilay evanjelista izy, saingy hoy izy, "Jesosy dia tsy Ny Zanany. Fivavahana nataon'olombelona fotsiny izany." Ary ilay evan- . . . Nahaika an'ilay evanjelista izy, nanao hoe, "Ny—ny Baiboly dia nilaza fa ireo asa izay Nataony, Kristy, dia hanao tahaka an'izany koa ireo mpanaraka Azy." Hoy izy hoe, "Ankehitriny, hitondra olona marary telopolo aho, ary ianao mitondrà olona marary telopolo, ary hanasitrana ny tsirairay avy tahaka anao aho." Hitanareo? Ary nandositra ilay evanjelista. Nitsoaka izy.

⁷⁹ Ary raha izaho no ho ilay evanjelista, dia mino aho, raha tsy nanana finoana ampy hanaovana an'izany aho, dia tsy ho namela an'io tsi-mpino io nitsangana teo mihitsy aho. Ho nilaza aho hoe, "Mahafantatra olona iray aho ao amin'ny faritray izay manana finoana hanao an'izany."

⁸⁰ Nahoana? Tsy maintsy resy lahatra ianareo, aloha, fa Andriamanitra izany, avy eo dia fantatrarao izay itsangananareo. Marina izany. Resy lahatra, aloha, avy eo dia azonareo ny fahalinanareo. Na dia milaza aza ny olona fa momba azy ireo Andriamanitra, nefa izy ireo dia. . .Tsy izay rehetra. . .Hoy i Neny taloha hoe, "Miteny mafy kokoa noho ny teny ny fihetsika." Izany tokoa, miteny izany. Tsy maintsy manetsika an'izany ianareo, mino an'izany, resy lahatra, ary avy eo dia ho liana ianareo.

⁸¹ Hoy Jesosy hoe, "Raha tia Ahy ianao, dia fahano ny Ondriko." Ankehitriny, eo no heveriko fa tsy nahombiazantsika betsaka, dia ny famahanana ny Ondriny. "Raha tia Ahy ianao,

dia fahano ny Ondriko.” Amin’izao andro izao, ilay izy dia saiky hoe, “Hetezo ny ondriko.” Mitondra azy ireo ao amin’ny toerana iray ka maka ny zavatra rehetra izay ananan’izy ireo, ary manao azy ireo hanolotra ny tranony, sy ny fisotroan-drononon’ny fahanteran’izy ireo rehetra, ary ny zavatra hafa rehetra. Miresaka momba ny fanetezana! Tsy nilaza an’izany mihitsy Jesosy.

Hoy Rahalahy Parker, aninkeo maraina hoe, “Andriamanitra dia tia ny Olony.”

⁸² Tia ny Ondriny Izy. Hoy Izy hoe, “Fahano izy ireo.” Ary ny ondry tsy maintsy mahazo Sakafon’ondry. Ary tsy nilaza mihitsy Izy hoe, “Ampianaro ny Ondriko.” Hoy Izy hoe, “Fahano izy ireo,” fa tsy hoe ampianaro izy ireo. “Fahano izy ireo. Omeo Sakafon’ondry izy ireo.”

⁸³ Inona ny Sakafon’ondry? Ny Mofon’Aina. Jesosy no Mofon’Aina, Filazantsara, Fahamarinana. Torio tsy misy marimaritra iraisana Izany. Amin’izay fotoana izay dia fantatrareo fa rehefa tsy maintsy hamaly ianareo amin’ny Andron’ny Fitsarana ho an’ny fanahin’izy ireo, amin’ny mahampitoritenin’ny Filazantsara dia afaka mitsangana ianareo ka manao hoe, “Izany no voasoratra ao amin’ny Teny.” “Fahano ny Fahamarinana izy ireo. Fahano ny Ondriko.”

⁸⁴ Rehefa tena liana i Jaona, dia fantany fa ho avy amin’ny taonany ny Mesia. Fantatr’i Jaona Mpanao-batista izany, noho izany dia fantany fa ho avy amin’ny taona izay niainany ny Mesia. Fa rehefa nivoaka avy tany an-efitra izy, dia tsy nanomboka sekoly mihitsy. Tsy nanomboka kolejy mihitsy izy. Tsy nanomboka rafi-pandaminana mihitsy izy. Nahoana? Resy lahatra izy fa ho avy amin’ny androny ny Mesia. Ny Sakafony, ny Hafany, ny fihetsiny, dia nanambara an’izany.

⁸⁵ Ary isika dia mino fa ho Avy amin’ity taona ity Izy. Nahoana isika no te-hanangona zavatra goavana? Nahoana isika no te-hanao, hanorina sekoly sy tranobe an-tapitrisany dolara, nefa avy eo dia milaza fa ho avy i Jesosy? Nahoana, ny besinimaro dia mahafantatra tsara kokoa noho izany. Fantatr’izy ireo fa miresaka zavatra izay tsy inoanareo ianareo. Ampiharo izay toriantsika. Marina. Ankehitriny dia tsy maintsy manao an’izany isika.

⁸⁶ Tena pozitifa i Jaona. Rehefa teraka izy, dia fantany fa teraka tamin’ny fahaterahana hafahafa iray izy.

⁸⁷ Fantatsika rehetra hoe ahoana no nahitan’i Zakaria an’ily Anjely. Ary tsy maintsy ho fisintonana mafy iray izany teo amin’ily mpivady antitra. Lehilahy azon-taona iray i Zakaria, ary Elizabeta dia vehivavy iray azon-taona, saingy nino izy ireo fa—fa indray andro any dia hanome zazakely iray ho azy ireo Andriamanitra. Momba izy. Ary fantatsika fa rehefa teraka i Jaona, ilay fahaterahana hafa kely, ary nahafantatra

fa ho mpanompon'Andriamanitra izy, dia tsy maintsy ho mafy tamin'ilay mpivady antitra izany. Satria fantatr'izy ireo, araka ny androm-piainana, fa tsy ho velona mihitsy izy ireo hahita an'io zazalahy io hiditra ao amin'ny asam-panompoany.

⁸⁸ Ary mpisorona iray ny rain'i Jaona. Fa izy raha tokony, miaraka amin'io antso io, nandeha nankany amin'ilay seminera izay nivoahan'ny rainy, dia tsy afaka nandeha tany izy. Tsy afaka naka anjara iray teo amin'izany izy. Tsy afaka nifangaro tamin'izany fotsiny izy. Satria, hitany fa, ao amin'ny Soratra, izy no tsy maintsy ho, "ilay feon'ny miantso mafy any an-efitra." Hitany fa izy no tsy maintsy ho, "Ilay iraka izy handeha eo anoloan'ny Mesia." Ary tsy maintsy manana antoka ny amin'izany izy. Ary niandry tany an-efitra izy mandrapaharesy lahatra azy, ary avy eo dia liana izy. Resy lahatra izy. Izy dia naniry ny—naniry hijanona izy. Tena nanana antoka ny amin'izany izy, hoe hahita an'i Jesosy izy, hany ka izao no nolazainy hoe, "Indro, mitsangana eo anivonareo Izy ankehitriny. Misy Anankiray eo anivonareo, Izay tsy fantatrareo." Oh, tiako izany!

⁸⁹ Misy Anankiray eo anivontsika, izao hariva izao, saingy faly aho fa mahafantatra Azy isika. Ary mino aho fa Izy no ilay Anankiray izay manambara. Ny Fanahy Masina lehibe dia manambara fa ho avy tsy ho ela Jesosy, satria araka ny Teny izany, ary efa tanteraka ireo famantarana rehetra. Eo amin'ny andro farany isika.

⁹⁰ Tsy te-hijanona izy ary avy eo dia hanao fahadisoana, noho izany dia nijanona tany an-efitra izy mandrapaharesy lahatra azy fa ho fantany hoe inona ny Mesia. Ary niteny taminy Andriamanitra hoe karazana famantarana inona no tadiavina, rehefa nahita ny Mesia izy. Noho izany rehefa nahita Azy izy, ary nahita ny famantarana izay tokony hanaraka Azy, dia resy lahatra izy fa Izy io. Hoy izy hoe, "Manambara aho fa Izy io." Satria, Andriamanitra, Izay niteny taminy, sy niteny taminy mialoha tamin'ny alàlan'ilay mpaminany, roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny nahaterahany hoe, "Izy no feon'ny miantso mafy any an-efitra hoe, 'Amboary ny làlan'ny Tompo, ary ataovy mahitsy ny Làlan'ny.'" Ary ilay Andriamanitra izay efa nanendry azy mialoha, sy nifidy azy mialoha ho amin'ilay asa, dia niandry an'io Andriamanitra io izy mandrapandrenesany avy amin'io Andriamanitra io. Amena. Rehefa niteny taminy an'izay hiseho io Andriamanitra io, dia resy lahatra izy. Rehefa nahita an'io famantarana io izy, dia nanao hoe, "Io Izy." Amena.

⁹¹ Raha ho tso-po tahaka an'izany fotsiny isika! Raha hiandry eo amin'ny alitara isika, tsy hoe manana karazana fihetseham-po kely iray ka mitsambikina ary mandositra, fa mijanona eo. Tsy mampaninona izay mitranga, mijanona eo mandrapahatonga anareo ho resy lahatra tanteraka amin'ny alàlan'ny herin'ny Fitsanganany, hoe ny Fanahy Masina no

nihazona anareo sy mihazona anareo, ary olom-baovao ao amin'i Kristy ianareo. Mijanona eo mandra-pahafatinareo sy hitsangananareo indray, amin'izay fotoana izay dia tsy handeha hankeo amin'ny rano ho mpihatsaravelatsihy iray ianareo. Handeha eo ianareo, ary fantatrareo fa Izy—maty ho anareo Izy, ary maty niaraka Taminy ianareo. Ankehitriny dia midina ianareo, mba hatsangana miaraka Aminy indray; maneho amin'izao tontolo izao hoe mino ianareo fa efa maty Izy sy nitsangana indray, ary maty miaraka Aminy ianareo, ary efa nitsangana indray. Ary ankehitriny dia hipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ianareo, hihinana Sakafon'ondry. Marina.

⁹² Andrea, ity anankiray lehibe izay resahantsika ity, ny rahalahin'i Simona, nijanona nandritra ny alina manontolo izy, mandra-paharesy lahatra azy. Ary raha nandeha teny amin'ny morona izy, Jaona, dia nanohy nilaza io mpaminany lehibe io hoe, “Misy Anankiray! Antomotra ny fotoana. Ianareo taranaky ny bibilava anaty bozaka rehetra, aza mihevitra ny hanao hoe, ‘Mikambana amin'ity aho, ary mikambana amin'itsy aho. Manana an'i Abrahama ho rainay izahay.’ Hoteneniko aminareo, Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto.” Oh, nametraka fotsiny izy, famaky iray teo amin'ny fototr'ilay hazo.

⁹³ Hitanareo, lehilahin'ny an-efitra i Jaona. Jereo izay noresahany: famaky, hazo, bibilava. Hitanareo? Izany no nahazatra azy, tany an-efitra tany. Ary hoy izy hoe, “Mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo ny famaky, ka ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapaina sy hodorana.” Manatsatoka an'ilay famaky amin'ny hazo; manapaka ny lohan'ireo bibilava, sy ny zavatra rehetra. Lehilahin'ny an-efitra izy.

⁹⁴ Tsy mahagaga raha hoy Jesosy hoe, “Hizaha inona no nivoahanareo?” Ilay *Fahasambarana Adino*, araka ny nitoriako azy. Rehefa nandeha nitety ny havoana Izy, ireo mpianatr'i Jaona, nanao hoe, “Hizaha inona no nivoahanareo, lehilahy iray miakanjo tsara ve?” Hoy Izy hoe, “Izany dia ilay karazany izay hantsoin'izy ireo hoe, ‘Dokotera, ray masina.’ Ary manao akanjo malefaka izy ireo. Manoroka an'ireo zazakely izy ireo, ary mampanambady ny—ny tanora, ary mandevina ny antitra. Mampiasa antsipika iray izy.” Inona no ho fantatry ny lehilahy iray tahaka an'izany mikasika ny Sabatra tazonin'ny tanana roa mivoaka eny amin'ny lohan'ady? “Nivoaka mba hahita anankiray ve ianareo?”

⁹⁵ Hoy ny sasany hoe, “Noho izany dia nandeha mba hahita volotara nohozongozonin'ny rivotra ve ianareo, sa vondrona kely iray afaka ho tonga, hanova anareo avy amin'ity ho itsy, ary ity ho itsy?” Tsy i Jaona. Resy lahatra izy. Izy—fantany izay nijanonany. Fantany ny toerany. Tsy nanozongozona an'i Jaona izany. Tsia, tsia.

96 Hoy izy, “Hizaha inona àry no nandehananareo, mpaminany iray?” Hoy Izy hoe, “Ary Lazaiko aminareo, fa lehibe noho ny mpaminany iray. Mihoatra noho ny mpaminany iray izy.”

97 Noho izany dia resy lahatra i Jaona, ka nanomboka nitory teny izy. Ary efa nanatrika an’ireo fivoriana i Andrea. Ary noho izany rehefa nandalo Jesosy, ary teo i Andrea sy ny mpianatra iray hafa, dia nanondro i Jaona, ka nanao hoe, “Indro ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao.” Dia nanaraka Azy izy ireo.

98 Tiako izany. Maniry aho ny hananako an’izany hery betsaka izany ao amin’ny toriteniko. Rehefa milaza aho hoe, “Indro ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao,” dia hanaraka Azy ny olona rehetra. Oadray! Avelao aho . . .

“Aiza no ahitako Azy, Rahalahy Branham?” Afaka maneho aminareo aho.

99 Tsy ela akory izay, tao amin’ny fivorian’ny Business Men aho. Ary nitry teny tany amin’ny Morontsiraka Andrefana aho. Ary nisy lehilahy iray nanatona ahy, ka hoy izy hoe, “Hono ho’aho, tsy mpitory teny iray ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.”

Hoy izy hoe, “Inona no ataonao miaraka amin’ireo mpandraharaha ireo?”

Hoy aho hoe, “Mpandraharaha iray aho.”

Dia hoy izy hoe, “Ao amin’ny karazana raharaha inona no misy anao?”

Hoy aho hoe, “Raharahan’antoka.”

Hoy izy hoe, “Karazana fiantohana inona?”

Hoy aho hoe, “Antoka.”

Hoy izy, “Karazana inona izany?”

100 Hoy aho hoe, “Antoka voatahy, ahy Jesosy.” Hoy aho hoe, “Raha liana amin’ny fifanarahana iray ianao, dia tiako ny hiresaka an’izany aminao.”

101 Ny sakaizako iray, Atoa. Snyder, zazalahy sarobidy, tonga tany an-tranoko izy. Ary fantatro izy fony aho mbola zazalahy kely, ary niara-nandeha tany an-tsekoly izahay. Hoy izy hoe, “Billy, te-hivarotra fiantohana iray aminao aho.”

102 Eny, nanana fifanarahana kely iray aho namitahana ahy indray mandeha, mikasika ny fiantohana, ka tsy nandray an’izany intsony aho. Noho izany dia hoy izy . . . Hoy aho hoe, “Wilmer, izaho—azoko antoka fa izaho . . . tahaka anao, fa,” hoy aho, “izaho—efa manana antoka aho.”

Hoy izy hoe “Oh, manana ianao?”

103 Nijery ahy ny vadiko toy ny hoe mpihatsaravelatsihy iray aho. Fantany fa tsy nanana fiantohana aho, saingy hoy aho hoe, “antoka.” Hitanareo?

104 Hoy izy hoe, “Oh, miala tsiny aho, Billy.” Hoy izy hoe, “Miaraka amin’ny orinasa inona izany?”

Hoy aho hoe, “Ny Fiainana Mandrakizay.”

Hoy izy, “Tsy mino aho fa efa mba nandre momba an’izany orinasa izany.”

Hoy aho hoe, “Tokony ianao.” Oh, resy lahatra aho fa marina izany. Marina izany.

105 Noho izany, dia nitory teny i Jaona ka nanao hoe, “Io Izy, ilay Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao.”

106 Rehefa mahita Azy mihetsika manerana ny mpanatrika aho, misintona mpanota iray, na olona marary iray, ary miresaka amin’izy ireo, ary fantatro fa Izany ilay tena Andriamanitra, ary na iza na iza, izay hahafantatra zavatra, dia hahafantatra fa tsy afaka manao an’izany aho. Ho tiako ny hilaza hoe, “Indro ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao.”

107 Tiako ny olona, hanao hoe, “Mino an’izany aho. Mibebaka amin’ny fahotako aho ankehitriny. Mino an’i Jesosy Kristy aho.” Oh, tiako ny mahita azy ireo manao an’izany.

108 Ary nanaraka an’i Jesosy avy hatrany ireto mpianatra ireto. Ary nijery manodidina Izy. Hitany izy ireo. Dia hoy Izy hoe, “Inona no tadiavinareo?”

109 Hoy izy ireo hoe, “Raby, (raha adika dia hoe, Mpampianatra,) aiza Ianao no mitoetra?”

110 Hoy Izy hoe, “Avia ka jereo.” Ankehitriny dia fanasana iray mahafinaritra izany. “Avia ka jereo.” Tiako izany.

111 Izany no nolazain’i Filipino tamin’i Natanaela, rehefa hoy i Natanaela hoe, “Mety hisy zava-tsoa ve avy ao Nazareta?” Hoy izy hoe, “Avia ka jereo.”

112 Noho izany, dia avia, jereo. Aza mipetraka any an-trano ka mitsikera. Avia, jereo. Hitanareo? “Avia, ianareo ihany no aoka hahita.”

113 Ankehitriny, nilaza izy ireo fa andro hariva tamin’izany, ka nijanona nandritra ny alina manontolo i Andrea. Oh! Izany no fanao tsara iray. Nijanona izy mandra-paharesy lahatra azy. Izay notenenin’io Lehilahy io taminy tamin’io hariva io, izay Nolazainy taminy, na izay Nataony, dia nisy zavatra tao izay naharesy lahatra tanteraka an’i Andrea hoe Izy no Mesia.

114 Ny ampitso vao maraina be, heveriko, dia norambasany ny palitaony sy ny satrony, ary nandeha nidina, satria tokony handeha hanarato eny amin’ny renirano i Petera. Ary hoy izy

hoe, “Avia, jereo hoe Iza no hitanay. Izany no Mesia.” Resy lahatra izy. Rehefa resy lahatra tanteraka izy fa izany no Mesia, dia liana ny amin’ny rahalahiny izy.

¹¹⁵ Izany no olana, izao hariva izao. Tsy resy lahatra amin’ny Hafatra ny olona. Tsy resy lahatra ny amin’ny Fanahy Masina ny olona. Raha resy lahatra marina tokoa ianareo, amin’izay fotoana izay dia liana ianareo. Hanao ny zavatra rehetra azonareo atao ianareo, mba hanaovana an’izay tokony hataonareo. Hoy ianareo, “Eny, Rahalahy Branham, tsy mpitory teny aho.” Eny, fa ianareo dia afaka manao zavatra iray, ihany koa.

¹¹⁶ Tsaroako indray mandeha nanao fivoriana aho. Nisy mpamboly iray voavonjy sy feno ny Fanahy Masina. Ary tsy nanana afa-tsy ny fahatsapany fotsiny izy, ary kamiao iray. Saingy nitatitra olona maro nankany amin’ny fivoriana izy, nahazo telopolo amboniny feno ny Fanahy Masina izy, talohan’izany. . . ? . . . Nahoana? Resy lahatra izy. Ary rehefa resy lahatra izy, dia liana. Sitrana ny zananivavy kely. Nanana olona marary izahay isan-kariva, kamiao iray feno azy ireo, nitondra azy ireo avy hatraiza hatraiza. Telopolo no nandray ny Fanahy Masina. Hitanareo? Resy lahatra izy fa marina Izany, noho izany dia liana ny amin’ny olon-kafa izy. Ary isika dia. . . Raha resy lahatra isika fa ho avy tsy ho ela Jesosy, dia ho liana ny amin’ireo antsika very isika. Hanao an’izay rehetra vitantsika isika hanaparitaka ny Filazantsara.

¹¹⁷ Nijanona nandritry ny alina manontolo i Jakoba, indray hariva, nitolona. Io andriana nitolona io, nitolona nandritry ny alina manontolo izy. Efa nidify an’i Esao izy *teto* sy *tetsy*. Natahotra mafy izy, azy. Ary reny fa avy Esao. Napetrany teny ampitan’ny renirano ny vadiny. Nandeha teny amin’ilay ilany hafa izy ary nandohalika. Fantatrareo, nidina Andriamanitra ka nihazona an’i Jakoba, ary nitolona nandritry ny alina manontolo izy ireo. Noho izany izy—tsy resy lahatra tanteraka izy, teo am-panombohana. Fa rehefa nahavita ny aminy Andriamanitra, dia resy lahatra izy. Eny. Nijanona izy ka namikitra mandrapaharesy lahatra azy fa Andriamanitra izany.

¹¹⁸ Rahalahy, tsy natahotra an’i Esao izy tamin’izay. Niampita ny renirano izy, ary nalemy sy nandringa izy. Ny fotoana ratsy kokoa izay nahafahany nisy azy, toa tahaka an’izany. Izy—izy dia—malemy indrindra arak’izay hany naha-izy azy izy. Efa kilemaina izy sy ny zavatra rehetra. Fa hoy Esao tamin’ny hoe, “Avelanao handefa tafika iray ve aho hanampy anao?”

¹¹⁹ Hoy izy, “Tsy mila fanampiana akory aza aho.” Nahoana? Resy lahatra izy fa ilay Andriamanitra, izay nofikiriny, dia afaka nikarakara azy. Haleloia! Raha hanao an’izany fotsiny mantsy ny olona.

¹²⁰ Raha afaka ny ho resy lahatra ianareo fa ilay Andriamanitra izay mihazona anareo, dia manozongozona ny fonareo, manao anareo ho olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy. Avelao ho avy ny aretina, ny fahafatesana, na ny zavatra hafa rehetra, resy lahatra ianareo fa afaka mikarakara tsara anareo Izy. Azo antoka. Amena. Tiako izany.

¹²¹ Samgara, ilay lehilahy kely noresahintsika indray hariva, liana ny amin'ny fianakaviany izy. Eny, fantany fa noana izy ireo. Ary tonga ireo Filistina, arivo tamin'izy ireo, mino aho, eninjato mahery. Mino aho, eninjato tamin'izy ireo no tonga teny an-dàlana, lehilahy mitam-piadiana. Liana ny amin'ny fianakaviany izy, satria ho faty noana izy ireo tamin'io ririnina io. Fa nijanona teo izy, nieritreritra sy nandinika. Inona no azony atao? Nijanona teo izy mandra-paharesy lahatra azy fa mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra.

¹²² Ankehitriny, jereo izay mety ho noeritreretiny. “Ankehitriny, indro, Abrahama raiko, izay nitondrako ny mariky ny famoràna eo amin'ny vatako, satria mino aho fa lehilahin'Andriamanitra i Abrahama. Resy lahatra izy. Nilaozany ny tranony. Nilaozany ny zavatra rehetra nananany, mba hanompoana an'Andriamanitra. Ary teo an-tendrombohitra tamin'izany andro izany, rehefa nanolotra an'ilay ondrilahy ho solon'i Isaka izy, dia niteny tamin'i Abrahama Andriamanitra hoe, ‘Satria nanao an'izany ianao, ny taranakao dia hahazo ny vavahadin'ny fahavalo.’” Marina izany. “Ny taranakao, Abrahama, mampanantena anao Aho. Mianiana amin'izany Aho.” Haleloia! Oh, oadray! Mahatsapa ho mpivavaka aho ankehitriny. “Mianiana amin'izany Aho. Abrahama, ny taranakao dia hahazo ny vavahadin'ny fahavalony.”

Ankehitriny dia afaka nilaza i Samgara hoe, “Taranak'i Abrahama aho.” Amena.

¹²³ Ary raha afaka nieritreritra an'izany i Samgara, izay taranaka ara-boajanaharin'i Abrahama, dia ahoana ny amin'izao hariva izao, ary isika no Taranaka Mpanjaka an'i Abrahama? Oh! Fioo! Mihevitra ianareo fa adala aho. Angamba izany aho. Avelao aho hipetraka tsara. Mahatsapa ho tsara kokoa aho tahaka an'izany noho ny tamin'ny nananako an'ilay fisainana hafa. Hia. Taranaka Mpanjaka an'i Abrahama! Ny Fiangonana no ilay Taranaka Mpanjaka, nampanantenaina. Ary raha afaka maneho herim-po betsaka tahaka an'izany ilay taranaka ara-boajanahary, dia inona no tokony hataon'ilay Taranaka Mpanjaka, miaraka amin'ny—miaraka amin'ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina manosotra manerana fotsiny, maneho ny Tenany? Fioo! Voninahitra! Azo antoka.

¹²⁴ Hoy i Samgara hoe, “Taranak'i Abrahama aho.” Rehefa manomboka mieritreritra an'izany izy hoe, “Niteny tamin'i Abrahama Andriamanitra, mino an'izany aho, hoe ny taranany

dia hahazo ny vavahadin'ny fahavalony. Ary indro izy ireo, mandeha mitety ny vavahadiko." Naninji-tànana fotsiny, naka fanindronan'omby iray. Ankehitriny, tsy nijanona izy.

¹²⁵ Tsy niandry izy mba hianatra hoe ahoana no fiadin'olon-droa, na nanao hoe, "Andraso iray minitra ankehitriny. Izaho no ilay Taranaka Mpanjaka. Izaho no taranak'i Abrahama. Voafora aho. Noho izany, fantatrareo, mpiady tsara ireto Filistina rehetra ireto. Efa ela izy ireo no nanao fanazaran-tena. Handeha any amin'ny semina aho ary hahazo ny Ph.D.-ko sy L.L.D., ary hianatra aho hoe ahoana no fiadin'olon-droa. Hianatra ny katesizy aho, ireo fitsipi-piangonana rehetra."

¹²⁶ Raha nanao an'izany izy, dia ho izay ihany no zavatra fantany mikasika...?.. Izany fotsiny no ho fantany, ary tsy ho afaka nikaravasy an'izany izy. Noho izany dia tsy ho afaka nifanandrina tamin'ilay fahavalo izy.

¹²⁷ Tsy afaka hifanandrina amin'ilay fahavalo ianareo. Tsy afaka hifanandrina aminy aho. Saingy tsaroako fa miaina eo ambanin'ny teny fikasana iray aho, haleloia, izay efa mihoatra lavitra noho ny voafehy ireo heriny, ary resy, sy voazera. "Mihoatra noho ny mpandresy aho, izao ankehitriny izao." Tsy ny tenako, fa Izaho dia ao Aminy Izay naharesy azy ho ahy, hitanareo, ary velona izany. Ampahan'ilay Taranaka Mpanjaka an'i Abrahama aho. Eritrereto iray minitra izany, avy eo dia raiso ny fanindronan'ombinareo. Roahy hiala aminareo io devolin'ny fisalasalana io. Eny.

¹²⁸ Hoy izy, "Izaho dia... Tsy afaka mianatra fiadin'olon-droa aho." Raha manao izy, dia izay ihany no fantany hatao, dia fiadin'olon-droa fotsiny. Izay ihany no ho azony noresahina.

¹²⁹ Amin'izao andro izao, dia tahaka an'izany no ezahantsika hanaovana azy amin'izao andro izao. Hoy ireo lehilahy hoe, "Manana antso ho mpitoriteny iray aho eo amin'ny fiainako."

¹³⁰ "Eny, ankehitriny, anaka, hiantso ny eveka aho, ary ho hitako raha tsy afaka hamela anao handeha any an-tsekoly aho, ary afaka mianatra psikolojia ianao, ary mianatra an'ireo zavatra rehetra ireo. Ary eo amin'ny folo taona eo ao amin'ny semina no mety hanomanana anao." Hanomana izany, tena azo antoka. Hanomana azy izany mba tsy ahafahany hitsangana intsony.

¹³¹ Fahasamihafana iray toy ny inona izany, ny fandefasana mpitoriteny iray amin'izao andro izao, noho ny nisy tao amin'ilay Fiangonana voalohany. Tsy niandry folo taona izy ireo. Niandry folo andro izy ireo. Raha mila folo taona ny haharesy lahatra anareo... Resy lahatra izy ireo tao anatin'ny folo andro. Amena. Mety ho resy lahatra mikasika ny psikolojia izy, fa ianareo dia tokony hanana ny lohalikolojia. Folo andro fotsiny, resy lahatra izy ireo, ary avy eo dia liana mikasika an'ireo hafa izy ireo. Ny sasany tamin'izy ireo aza tsy afaka nanasonia ny anarany

manokana akory. Nilaza ny Baiboly fa tsy nahay sy tsy nianatra izy ireo, saingy resy lahatra izy ireo. Haleloia!

¹³² Tsy miraharaha ny fianarana aho. Resy lahatra aho fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra. Resy lahatra aho fa Ity no Fanahy Masina. Resy lahatra aho fa Mpanasitrana Izy. Resy lahatra aho fa Mpamonjy Izy. Resy lahatra aho fa ho avy Izy. Resy lahatra aho fa *Ity* no Itsy. Resy lahatra aho. Mino an'izany aho.

¹³³ Nilaza izy ireo fa resy lahatra. Nisy zavatra nitranga. Resy lahatra izy ireo, avy eo dia liana izy ireo rehefa avy resy lahatra. Liana izy ireo ny amin'ny fitondrana Ny Teniny mankany amin'ny sisa amin'izy ireo. Izany no famantarana tsara iray fa resy lahatra izy ireo: liana izy ireo.

¹³⁴ Tsy liana momba ny fianarana iray izy ireo, tsy liana mikasika ny hoe raha afaka hanao “amena” tsara fotsiny izy ireo. Tsy liana izy ireo mikasika ny hoe rafi-pandaminana inona no nikambanan'izy ireo, na raha nanana kara-piombonana iray izy ireo, na tsia. Resy lahatra izy ireo fa ny hany nilain'izy ireo dia Izy.

¹³⁵ Ary tahaka an'izany aho izao hariva izao. Resy lahatra aho fa ny hany ilaintsika dia Kristy. Tsy mila ben'ny tanàna vaovao isika. Tsy mila filoha vaovao isika. Tsy mila tafika vaovao isika. Tsy mila baomba vaovao isika. Mila an'i Jesosy isika.

¹³⁶ Izay ihany izy ireo—no naharesy lahatra azy ireo. Ary nino koa izy ireo fa Izy dia . . . Resy lahatra izy ireo fa Izy—hanome ny zavatra rehetra izay nilain'izy ireo Izy.

Resy lahatra tahaka an'izany ve ianareo, izao hariva izao?

¹³⁷ Manaova hoe, “Resy lahatra aho. Tsy mampaninona izay tonga eo anatrehako, Izy no hifanandrina amin'izany. Tsy mampaninona izay tonga eo anatrehako, resy lahatra aho fa Izy no hikarakara ahy. Nilaza Izy fa Izy no hanao an'izany.”

¹³⁸ “Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Aza mieritreritra ny ampitso, fa hieritreritra ny tenany izany.” Marina izany, eritrereto fotsiny ny androany. “Raha nampitafy ny saha tahaka an'izany Andriamanitra, ary ny ahitry ny saha, izay misy androany, nefa tsy misy rahampitso; ary raha nihevitra betsaka Izy fa tsy hisy tsintsina iray akory aza hilatsaka eny an-dàlambe raha tsy efa Fantany ny mikasika an'izany,” dia tsy mihoatra noho izany ve no Ahafantarany mikasika an'ireo ilaintsika?

¹³⁹ Resy lahatra aho. Izany no antony tsy ahitanareo ahy mangataka rakitra, sy *ity*, *itsy*. Resy lahatra aho. Raha mijanona amin'ity Teny ity aho, dia hijanona hiaraka amiko Andriamanitra. Resy lahatra aho. Tsy mila omena, ho tonga amin'ny fomba iray izany. Izaho—izaho—izaho, fotsiny—resy lahatra fotsiny. Mino an'izany aho. Mino ny Teny tsirairay izay

Nolazainy aho. Resy lahatra amin'Izany aho. Resy lahatra aho fa Izy no hanome an'ireo ilaina rehetra izay ilaiko. Tsy mila manahy mikasika an'izany aho.

¹⁴⁰ Ary resy lahatra koa izy fa tsy nila andiana psikolojia izy ireo, sy io karazan-javatra hafa rehetra io, ho raisina. Resy lahatra izy ireo fa ireo izay. . . izy ireo—hitorian'izy ireo, ny hany nilain'izy ireo, dia izay nananan'izy ireo.

¹⁴¹ Izany no olana amin'ilay izy amin'izao andro izao. Miezaka mampitelina karazan-javatra hafa ao anatin'izy ireo izy ireo, fanekem-pinoana, ary ireo zavatra tahaka an'izany. Tsy mbola resy lahatra marina mihitsy ianareo fa marina ny Fanahy Masina. Izay ihany no ilaiko. Izay ihany no ilainareo. Izay ihany no ilain'ny olon-kafa.

¹⁴² Tany Afrika aho vao tsy ela akory izay. Niezaka izy ireo nampianatra an'ireo olona tany ireo, sy ireo foko. Ary rehefa entinareo mankeo amin'ireo fotsy hoditra izy ireo, dia mandray ny fahotan'ny olona fotsy hoditra izy. Manana ny fahotany manokana izy any ao amin'ilay foko. Rehefa entina izy, dia mandray ny fahotan'ny olona fotsy hoditra iray, avy eo dia zanaky ny helo avo roa heny noho izay naha-izy azy izy, eo ampanombohana. Zavatra iray ihany no ilainy. Mila an'i Kristy izy. Amena.

¹⁴³ Hudson Taylor, indray mandeha. Mbola tsy nandre ny amin'i Hudson Taylor mihitsy ve ianareo, ilay misionera malaza, Chine? Nisy tovolahy Indiana iray. Voavonjy izy, nilaza izy fa nanana antso iray ho amin'ny asam-panompoana. Tonga izy ary nilaza tamin'Atoa. Taylor, nanao hoe, "Atoa. Taylor, tokony hanao psikolojia efa-taona ve aho," ary ireo zavatra hafa tokony hataony, "ary mila hafiriana izany ho ahy, hahazoako ny Bakaloreako an'ny Literatiora?"

¹⁴⁴ Nilaza taminy Atoa. Taylor, nanao hoe, "Anaka, aza dorana mihitsy ilay—tapany ilay labozia alohan'ny hanombohanao." Tsia.

¹⁴⁵ Izany no eritreretiko, ihany koa. Aza miandry mandrapahamay tapany an'ilay labozia, ary karazana fianarana iray atsofoka ao anatinareo, karazana ranon-javatra fanosotra. Aza manao an'izany. Fa hoy aho, vantany vao mirehitra ilay labozia, dia manomboha. Tsy miezaka manohana ny tsy fahaizana aho, fa ity no tiako lazaina. Raha tsy mahafantatra na inona na inona hafa ianareo, dia teneno izy ireo hoe ahoana no nampirehitra an'ilay labozia. Izay ihany no tokony ho fantatr'izy ireo. Teneno izy ireo hoe inona no nandrehitra an'ilay labozia. Teneno izy ireo hoe inona no mirehitra ao anatin'ny ao. Teneno fotsiny izy ireo hoe ahoana no nampirehitra azy. Avelao izy ireo hirehitra, izy ireo dia—hikarakara ny sisa amin'izany izy ireo. Izany tokoa.

¹⁴⁶ Tsy mila miteny ianareo, mampiasa an'ireo karazana teny malaza rehetra izay tsy fantatrareo akory eo ampanombohana,

ary tsy midika na inona na inona aorian'ny ahafantaranareo azy ireo. Hitanareo? Teneno fotsiny izy ireo hoe, “Voninahitra ho an'Andriamanitra! Nandona ahy ny Fanahy Masina, ka olona iray hafa aho.” Teneno izy ireo hoe ahoana no nampirehitra an'ilay labozia. Aza miandry mandra-pahamay azy; amin'izay fotoana izay dia hanetroka izy amin'io fotoana io. Be loatra amin'izy ireo amin'izao andro izao. Teneno fotsiny izy ireo hoe ahoana no nampirehitra azy.

¹⁴⁷ Ilay jamba izay nomen'i Jesosy ny fahitany tany, tena nifamaly mikasika an'izany izy ireo. Tsaroanareo ve rehefa nandalo izy, hoy ireo mpianany hoe, “Iza no nanota, izy sa ny reniny, ny rainy?”

¹⁴⁸ Hoy Jesosy hoe, “Tsy misy. Fa mba ahafahan'ireo asan'Andriamanitra ho tonga voaseho.” Ary Nomeny azy ny fahitany.

¹⁴⁹ Indro tonga ireo mpanora-dalàna sy Fariseo rehetra. Dia natahotra mafy ny rainy sy ny reniny, satria izy ireo dia efa nilaza hoe, “Raha misy mihaino an'io Jesosy avy any Nazareta io, io Mpaminany io, dia hanome anareo taratasy iray avy amin'ny fiangonana fotsiny izy. Voaroaka ianareo.”

¹⁵⁰ Tsy nanova an'izany izy ireo na kely aza. Hitanareo, mitovy! “Na iza na iza mihaino Azy, na mandeha any amin'ny Fivoriany, dia miala amin'ny fiangonana avy hatrany ianareo, eo ampanombohana mihitsy.” Mikosoka ny anaranareo hiala amin'ny boky avy hatrany izy ireo.

¹⁵¹ Noho izany dia mandeha izy ireo ary naka ny rainy sy ny reniny, nanao hoe, “Zanakareo ve ity?”

¹⁵² Hoy izy ireo, “Eny, izany izy.” Hoy izy ireo, “Fantatray fa zanakay ity, ary fantatray fa teraka jamba izy.”

“Eny,” hoy izy ireo, “ahoana no nahazoany ny fahitany?”

Hoy izy ireo, “Anontanio izy. Efa lehibe izy.”

Hoy izy ireo, “Omeo voninahitra Andriamanitra. Mpanota izany Lehilahy izany.”

¹⁵³ Nahoana, tsy afaka niady hevitra mikasika ny teolojia tamin'izy ireo izy. Tsia tokoa. Saingy misy zavatra iray fantany. Resy lahatra izy fa afaka nahita. Hoy izy, “Na mpanota Izy na tsia, tsy fantatro. Tsy fantatro hoe avy tamin'ny sekoly inona Izy, na inona na inona mikasika an'izany. Fa ity no adi-hevitra tsara anankiray izay ananako: jamba aho fahiny, resy lahatra aho fa afaka mahita aho; satria Izy no niteny tamiko fa afaka aho, ary nihaino Azy aho.” Haleloia!

¹⁵⁴ Ilay zavatra iray ihany ho ahy. Jamba aho fahiny, fa mahita aho ankehitriny. Tsy afaka nahita an'ity aho fahiny. Mpanota aho. Izy no nanokatra ny masoko. Fa jamba aho fahiny, mahita aho ankehitriny.

¹⁵⁵ Nanana adi-hevitra tsara iray izy, azo antoka fa nanana izy, betsaka mihitsy hany ka tsy afaka niady hevitra taminy izy ireo. Nahoana? Resy lahatra izy fa afaka nahita. Ary resy lahatra izy fa . . . Hoy izy hoe, “Zavatra hafahafa izany ankehitriny. Tonga ianareo, ianareo lehilahy eto, no mpitarika ara-pivavahana eo amin’ny firenena. Ary milaza ianareo fa tsy fantatrareo izay nihavian’io Lehilahy io, nefa eto Izy manao fahagagana amiko, izay tsy mbola natao teto amin’izao tontolo izao mihitsy. Zavatra hafahafa izany.”

¹⁵⁶ Rahalahy, mino aho fa teolojiana iray tena tsara izy, amin’izany. Nahoana? Resy lahatra izy. Nisy zavatra izay nandresy lahatra azy. Jamba izy; afaka nahita izy.

¹⁵⁷ Davida, rehefa nanatona ny tafik’i Saoly izy, Goliata teo amin’ily ilany hafa, Davida no lehilahy kely indrindra tao amin’ily andiany. Goliata no goavana indrindra. I Saoly no tokony ho mpifanandrana iray lehibe kokoa. Teo amin’ny fito dian-tongotra i Saoly, heveriko, na mihoatra, angamba valo, “Ny loha sy ny soroka dia mihoatra ny lehilahy rehetra tao amin’ny tafiny.” Ary Davida no kely indrindra teo, ary izy ihany no lehilahy tokana tsy nofanina teo. Fa, rahalahy, resy lahatra izy. Voninahitra! Hitanareo? “Tiako ny endrika izay maha-izy ahy.”

¹⁵⁸ Mariho. Tsy nofanina izy. Tsy nanana lefona izy. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an’izany izy. Ary zalahy kely iray mena hoditra fotsiny izy. Fa resy lahatra izy, ary liana izy ny amin’ny tafika iray izay niantso ny tenany hoe “ny tafik’ily Andriamanitra velona.” Ary resy lahatra izy fa Andriamanitra, Izay nanampy azy niaraka tamin’io antsamotady io, mba hamono liona iray sy bera iray, dia afaka handresy an’io Filistina tsy mifora io tokoa. Resy lahatra izy, avy eo dia liana ny amin’ily tafika. Tsy mampaninona na firy no ananany . . . Raha resy lahatra ianareo amin’izay fotoana izay dia liana ianareo, saingy tsy maintsy resy lahatra ianareo, aloha. Noho izany, dia resy lahatra izy.

¹⁵⁹ Tsaroako indray hariva, hariva tena nahamay, mampatahotra ny rehetra manodidina, handeha hiady. Oh, ireo vinavinan-kevitra dia nanohitra azy. Dia nivavaka izy. Nandry teo ambanin’ny hazo voaroy iray izy. Efa vonona ny tafika, teo hihaona aminy. Nandry teo ambanin’io hazo voaroy io izy. Ary afaka kelikely dia nahare zavatra tonga izy, nandeha nitety an’ireo kirihitra voaroy, ary nanohy teo amin’ily lalana hafa. Resy lahatra izy, rahalahy. Tsy mampaninona na inona ireo vinavinan-kevitra, resy lahatra izy fa Andriamanitra dia nanohy nandeha, teo alohany.

¹⁶⁰ Ry lehilahy, raha afaka mitsangana eto ianareo, izao hariva izao, tsy mampaninona izay tsy mety aminareo; raha mahatsapa ianareo fa tonga manerana anareo io rivotry ny Fanahy Masina mifofofofa io, ka manao hoe, “Izaho no Tompo izay manasitrana

ny aretinao rehetra. Manasitrana anao Aho ankehitriny.” Raha afaka ho resy lahatra ianareo, rahalahy, dia tsy raharahanareo izay fifandraisana any ivelany, efa fantatrareo fa hitranga izany. Izany tokoa.

Resy lahatra izy ary avy eo dia liana.

¹⁶¹ Samsona nitsangana teo anatrehan’ireo Filistina, niaraka tamin’ny valanoranon-dramole iray fotsiny teny an-tànany, izy tsy—tsy nitam-piadiana akory aza izy. Saingy resy lahatra izy fa ilay Andriamanitra nanangana azy, dia afaka, miaraka amin’io valanoranon-dramole io, hamono an’ireo Filistina ireo. Ary nahafaty arivo izy.

¹⁶² Ilay mpaminany nandositra, Mosesy, rehefa resy lahatra i Mosesy fa Andriamanitra no tao anatin’io roimemy io. Fantatrareo, tsy mbola nanana fahatsapana niaraka tamin’Andriamanitra mihitsy i Mosesy, nanana teolojia betsaka izy. Fa nandositra izy. Saingy rehefa resy lahatra izy fa Izany no Andriamanitra tao anatin’ily roimemy . . . Satria, niteny avy tao amin’ny roimemy ilay Feo, nanonona ny Soratra taminy, dia resy lahatra izy fa Izany no Andriamanitra. Ary hoy Andriamanitra hoe, “Homba anao Aho.” Fantatrareo, veriny ny fahalinana rehetra mikasika ny enta-mavesatra tany Egipta. Efa efaolo taona izy no tany, ary lavitra ireo andevo ireo. Fa rehefa resy lahatra izy fa sitrapon’Andriamanitra ny hanafaka azy ireo, dia liana avy hatrany izy ny ampitso.

¹⁶³ Indro izy mandeha eny an-dàlana. Azonareo eritretina ve hoe fahitana iray toy ny inona? Niaraka tamin’i Zipora nipetraka teo ambonin’ny ramole iray, Gersoma kely teo am-balahany, ny volombava mihantona midina tahaka an’*izao*, valopolo taona, ny loha sola mampiratra amin’ny masoandro, tsorakazo bingo iray no eny an-tànany, mihiakiaka hoe, “Haleloia! Midina mankany Egipta mba hifehy!” Eny.

Mety hanao anareo hihetsika hafahafa izany.

¹⁶⁴ Mety nanao azy nihetsika hafahafa izany, saingy resy lahatra izy. Nahoana? “Handeha hiaraka aminao Aho, ry Mosesy. Halaiko io tehina izay eny an-tànanao io, ka hanafaka ny Oloko Aho.” Ankehitriny, tsy midika betsaka loatra ny tsorakazo bingo tranainy kely iray, saingy, rahalahy, resy lahatra izy satria ny Tenin’Andriamanitra no niaraka tamin’izany.

¹⁶⁵ Rehefa fantatrareo fa miaraka aminareo ny Tenin’Andriamanitra, ary ao anatinareo, dia afaka ho resy lahatra ianareo.

¹⁶⁶ Ireo zanaka Hebreo, resy lahatra izy ireo fa mahay mihazona Ny Teniny Izy, eny, raha mbola hijoro eo amin’Izany foana izy ireo. Niteny tamin’izy ireo Andriamanitra mba tsy hiondrika eo amin’ireo sampy. Izany marina tokoa no tian’Andriamanitra nolazaina. Ary fantatr’izy ireo fa raha tsy niondrika teo amin’io sampy io izy ireo, dia nahay nihazona Ny Teniny Andriamanitra.

Resy lahatra izy ireo fa nahay Izy. Ary avy eo rehefa resy lahatra ny amin'ny fijoroana miaraka amin'Ny Teniny izy ireo, dia liana ny amin'ny fijoroana miaraka amin'izy ireo Andriamanitra.

¹⁶⁷ Rehefa resy lahatra ianareo fa Ity no Tenin'Andriamanitra, dia liana amin'ny fiahiana anareo amin'Izany Andriamanitra. Nandramana Izany, teo amin'ireo saha tany ivelany sy hatraiza hatraiza, rehefa resy lahatra ianareo fa marina Izany. Fa, tsy maintsy resy lahatra ianareo, avy eo dia ho liana aminareo Andriamanitra. Saingy, voalohany, tsy maintsy resy lahatra ianareo fa Izy Izany, ary mihazona ny Fampanantenany Izy, avy eo dia liana Andriamanitra.

¹⁶⁸ Resy lahatra i Marta fa raha nangataka tamin'Andriamanitra Jesosy, dia ho nitranga ilay izy. Hoy izy hoe, “Tsy ahoako izay lazain'ny sisa amin'izy ireo. Tsy ahoako akory aza raha tsy mino an'izany i Maria rahavaviko. Tsy mino aho, tsy ahoako izay lazain'ilay raby. Fa, Tompo, raha teto Ianao, dia tsy ho maty ny anadahiko.” Ary hoy izy . . . “Na dia ankehitriny aza, dia resy lahatra aho, fa raha mangataka amin'Andriamanitra Ianao, dia homen'Andriamanitra Anao izany. Hitranga izany. Handeha avy hatrany aho, hanakodia ny vato. Hiomana ho an'izany aho. Resy lahatra aho.” Azo antoka.

¹⁶⁹ Tsaroako ny raiko, tany Kentucky, taona maro lasa izay. May ireo vokatra rehetra. Ary tonga ilay mpitory teny antitra mpitety faritra, ary lehilahy antitra iray mahafinaritra izy. Rehefa nandohalika izy, dia nijanona teo mandra-pitrangan'ny zavatra iray. Tamin'io andro io, dia te-hivavaka izy rehetra mba hahatongavan'ny orana. Nilaza i Papa, fa rehefa nandohalika io lehilahy antitra io, ary nahita an'ireo tanana antitra nikainkona nitsangana, hoy izy hoe, “O Andriamanitra, nanompo Anao aho. Anao ireto olona ireto, ary may ny vokatr'izy ireo.” Nilaza i Papa fa nivoaka avy hatrany avy tao am-piangonana izy, ary nandeha tany ka nesoriny niala teo amin'ny ramoleny ny lasely, nanipy an'izany tao ambanin'ny fiangonana, satria fantany fa ho avy ny orana. Resy lahatra, eny, tompoko, avy eo dia liana ny amin'ny laseliny izy. Rehefa avy resy lahatra ianareo!

¹⁷⁰ Hoy i Marta hoe, “Raha teto Ianao, dia tsy ho maty ny anadahiko. Fa na dia ankehitriny aza, na inona na inona Angatahinao amin'Andriamanitra, dia homen'Andriamanitra Anao izany. Marina izany. Hitranga izany, raha hangataka amin'Andriamanitra Ianao.” Tsy mahafinaritra ve izany?

¹⁷¹ Jairo, niaraka tamin'ny faty iray tao an-tranony, ny zanany tokana, roa ambin'ny folo taona, zazavavy kely iray. Tonga ny hafatra hoe, “Aza manahirana ny Mpampianatra, satria fa efa maty izy.” Ary hoy Jesosy . . .

¹⁷² Voalohany, hoy izy tamin'i Jesosy hoe, “Maty mihitsy aza ankehitriny ny zanakovavy kely, saingy resy lahatra aho.”

Haleloia! “Avia, apetraho eo aminy ny Tànanao, dia ho mety tsara izy.” Resy lahatra!

¹⁷³ Efa nandre ny amin'i Jesosy izy. Fantany ireo Asany. Mpino miafina iray izy. Tao am-pony, dia nino izy fa io no Zanak'Andriamanitra. Resy lahatra tanteraka izy fa izany no izy. Fantatrareo, tsy hafahafa ve izany? Noteren'Andriamanitra tao amin'ilay olana izy.

¹⁷⁴ Andriamanitra dia mahafantatra hoe ahoana no hanerena anareo. Marina. Indraindray Izy dia manome anareo aretina, ny zavatra hafa rehetra, mba hanerena anareo ao amin'izany fotsiny, hanehoana ny lokonareo, izay maha-izy anareo.

¹⁷⁵ Nanery azy. Noterena mba hino an'izany i Jairo. Noho izany dia nasehony izay naha-izy azy. Hoy izy, “Raha ho avy Ianao, hametraka ny Tànanao eo amin'ny zanakovavy, na dia maty aza izy, dia ho velona.” Oh, oadray! Tiako izany.

Heveriko, fa nilaza an'ilay zavatra iray ihany i Marta.

Jesosy dia resy lahatra ny amin'Izany, ihany koa.

¹⁷⁶ Ilay miaramila Romana, ilay mpifehy zato, resy lahatra izy, raha afaka nanao an'i Jesosy hilaza ny Teny fotsiny izy. Henoy ity miaramila ity, Romana iray, Jentilisa, mpanompo sampy. Hoy izy hoe, “Lehilahy iray eo ambanin'ny fahefana aho. Hoy aho amin'ity lehilahy ity, ity miaramila ity hoe, ‘Mandehana *eto* ianao,’ dia mandeha izy. Ary hoy aho amin'ity anankiray ity hoe, ‘Avia,’ dia avy izy.” Nahoana? Amboniny izy. Inona no nambarany? “Jesosy, ambonin'ny aretina rehetra Ianao. Ambonin'izany rehetra izany Ianao. Raha afaka mandre Anao milaza ny Teny fotsiny aho, dia ho velona ny mpanompoko. Resy lahatra tanteraka aho.”

Nefa avy eo, aorian'izany rehetra izany, dia mbola tsy resy lahatra foana isika. Hitanareo?

¹⁷⁷ Inona izany? Nilaza i Jesosy fa finoana lehibe izany. Tsy nahita an'izany tao Isiraely Izy. “Teneno fotsiny ny Teny.”

¹⁷⁸ Eto Izany, *Eto* mihitsy. “Rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izay nangatahinareo, dia ho azonareo izany. Raha milaza amin'ity tendrombohitra ity ianareo hoe, ‘Mifindrà,’ ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino fa hiseho izay nolazainareo, dia afaka hahazo an'izay nolazainareo ianareo.”

¹⁷⁹ Noho izany dia miaike. Inona? “Tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana ahy. Nohon'ny Fahasoavany dia voavonjy aho. Amin'ny alàlan'ny Fampanantenany no hankatoavako, ary ho feno ny Fanahy Masina aho.” Eo ianareo izao, raha resy lahatra ianareo fa mihazona Ny Teniny Izy. Fa tsy maintsy resy lahatra aloha ianareo.

¹⁸⁰ Ilay vehivavy niaraka tamin'ny fitsiha-drà, resy lahatra izy; tsy mampaninona izay nolazain'ilay raby, sy izay nolazain'ilay mpisorona, sy izay nolazain'ny vadiny, ary izay nolazain'ny

olon-kafa. Hoy izy hoe, “Lehilahy Masina iray izany. Izy no Zanak’Andriamanitra. Ary raha afaka mikasika ny sisin’ny Lambany aho, dia izay ihany no tokony hataoko. Resy lahatra aho fa ho salama.” Na dia nilaza aza ny dokotera fa tsy afaka ho salama izy, fa hoy izy hoe, “Afaka ho salama aho raha afaka mikasika fotsiny ny sisin’ny Lambany.” Resy lahatra izy.

¹⁸¹ Resy lahatra ilay vehivavy teo amin’ny fantsakana fa Izy no Mesia, rehefa nahita an’io famantarana ara-tsoatra io izy, izay nahafantarany hoe ho inona ny Mesia. Araka ny nolazaiko aninkee maraina, hoe nipetraka tao io fiainana voafidy mialoha io. Ary izy vantany vao... Izany, niraraka ireo rano mafana... Ireo rano mangatsiatsiaka, raha ny marina, no niraraka teo ambonin’io Tenin’ny fiainana izay efa nofidian’Andriamanitra mialoha hatramin’ny fanorenana an’izao tontolo izao io, dia nahita an’Izany haingana mihitsy izy tahaka an’izao. [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Nefa, nisy mpitoriteny teo, tsy nahita an’Izany; ireo mpisorona izay tsy nahita an’Izany; tsy nahita an’Izany ireo mpisoronabe; tsy nahita an’Izany ireo mpitondra fivavahana malaza; niantso an’Izany hoe “devoly.” Ary io mpijangajanga mahantra, kely teo io, Andriamanitra no efa nifidy an’io mialoha hatramin’ny fanorenana an’izao tontolo izao. Raha mba teo ianareo, ianareo dia izany, ihany koa.

¹⁸² Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, “Amin’ny andro farany, dia ho tena mpivavaka ny antikristy, ary tena hitovy betsaka amin’ilay tena zavatra, hany ka hamitaka an’ilay tena Voafidy izy raha azo natao.” Saingy, tsy azo atao izany. Marina izany. Ary, ny *rehetra*, “Izy dia hamitaka ny *rehetra*, eto ambonin’ny tany, izay tsy manana ny anarany voasoratra ao amin’ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry.” Hatramin’ny fifohazana farany ve? Tsy mitovy amin’ny Baiboly izany, sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana, “Tsia.”—Mpand.] “Hatramin’ny fanorenana an’izao tontolo izao.” Tsy hamitaka azy ireo ianareo, satria mipetraka ao anatin’ity Teny ity mihitsy izy ireo. Rehefa mahita an’ireo zavatra ireo miseho izy ireo, dia Fiainana Izany, takatr’izy ireo Izany izao ankehitriny izao. [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham.]

¹⁸³ Handeha eo ireo hafa, hanao hoe, “Ah, tsy misy na inona na inona amin’Izany. Hah!” Hitanareo? Tsy resy lahatra izy ireo. Tsy misy na inona na inona eo handresy lahatra azy ireo. Tsy misy na inona na inona ao anatin’izy ireo, mba hinoana.

¹⁸⁴ Hoy i Neny taloha hoe, “Ahoana no ahafahanao hahazo rà avy amin’ny nave iray nefa tsy misy rà ao anatin’ny?” Marina.

¹⁸⁵ “Ny Ondriko mihaino Ny Feoko.” Fantatr’izy ireo ny Teny. Inona Ny Feony? *Ity* Izany. Tsy manaraka an’ireo fanekempinoana ireo izy ireo. “Fa, mandre Ny Feoko izy ireo, dia manaraka an’Izany.”

¹⁸⁶ Resy lahatra tanteraka ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana. Avy eo izy dia liana mba hahitan'ny olony ihany koa an'io famantarana io ka hino an'Izany, rehefa avy resy lahatra izy fa Io no Mesia. Satria, Noteneniny taminy hoe taiza no nisy ny olany. Hoy izy hoe, "Tompoko, fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hanao an'izany."

¹⁸⁷ Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy." Fantany fa ny olona iray afaka hanao an'izany zavatra izany dia hiteny tokoa ny Fahamarinana. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Eny, ny olona iray izay hampiasain'Andriamanitra amin'izany fomba izany dia tsy handainga. Marina. Hiteny aminareo ny Fahamarinana izy. Hoy Izy, "Izaho no Izy."

¹⁸⁸ Ary tena nientanentana izy rehefa nanjelatra teo amin'io Teny io ilay Hazavana, nihazakazaka nankany an-tanàna izy. Resy lahatra tanteraka izy. Na tokony nataony, na tsia, dia nihazakazaka tany an-tanàna izy ka niteny tamin'ireo raby sy mpisorona, ary ireo lehilahy rehetra teny an-dàlambe, ireo mpivarotra, ary tao amin'ny fivarotana enta-madinika rehetra. Ary nandeha nandroso sy niverina teny an-dàlambe izy, nijoro vavolombelona hoe, "Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra nataoko. Raiso ny Baibolinareo. Jereo ao amin'ny horonam-boky. Tsy izany ve no Fahamarinana, hoe Izany no tena Mesia?" Resy lahatra izy. Hitsangana izy amin'ny fitsarana ka hanameloka olona an'arivony avy eto Etazonia. Azo antoka fa hanao izy.

¹⁸⁹ Fantatrareo, hoy Jesosy hoe, "Hitsangana ny mpanjakavavin'ny atsimo ao amin'ny fitsarana, hanameloka azy ireo, satria tonga izy mba handre fanomezam-pahasoavan'ny fahendrena iray, izay nananan'i Solomona, fahaiza-mamantatra iray." Ary hoy Izy, "Misy lehibe noho Solomona eto." Azo antoka. Saingy mbola tsy nino Azy foana ny olona. Azo antoka.

¹⁹⁰ Resy lahatra izy, ary tiany ho resy lahatra ny olony. Hitanareo? Rehefa avy resy lahatra izy, dia liana ny amin'ny olony izy. Fantany fa Io no Mesia. Fantany fa izany no nolazain'ny Baiboly fa hitranga rehefa tonga ny Mesia.

¹⁹¹ Hoy izy hoe, "Fantatray fa ny Mesia, izay atao hoe Kristy, rehefa tonga Izy, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo. Fa tsy maintsy ho mpaminany iray Ianao."

Hoy Jesosy hoe, "Izaho no Izy."

¹⁹² Teo izy no resy lahatra, satria fantany fa ny Soratra no niteny an'izany, ary teo Izany. Resy lahatra izy, avy eo dia liana. Nandeha izy ary niteny tamin'ny olon-kafa.

¹⁹³ Ankehitriny, Jesosy dia resy lahatra fa hitsangana Izy amin'ny andro fahatelo. Tena resy lahatra Izy, hoy Izy hoe, "Ravao Ity tempoly ity, fa Izaho hanangana azy amin'ny andro fahatelo."

¹⁹⁴ Nahoana? Davida, ao amin'ny Soratra, teo ambanin'ny tsindrimandry, mpaminany iray. Mpaminany iray i Davida, fantatrarao. Davida, teo ambany tsindrimandry, dia naminany, ka nanao hoe, "Tsy hahafoy ny Fanahiny ao amin'ny helo Aho, ary tsy hamela Ny Iray Masiko ho tratry ny lò koa Aho."

¹⁹⁵ Ary Fantany fa amin'ny fotoana iray ao anatin'ny roa amby fitopolo ora, alohan'ny ipetrahan'ny fahalòvana ao anatin'io vatana io, dia hitsangana Izy. Roa amby fitopolo ora dia telo andro sy alina. Hoy Izy hoe, "Ravao izy, fa Izaho hanangana azy indray," resy lahatra tanteraka, marina izany, fa hanangana azy indray Izy. Fantany fa tsy mety diso ny Soratra. Haleloia!

¹⁹⁶ Resy lahatra aho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Resy lahatra aho, ao amin'ny asam-panompoana sy ny Hafatra, izay toriako, resy lahatra aho fa Izany no Fahamarinana. Resy lahatra aho fa avy amin'Andriamanitra ireo fahitana ireo. Resy lahatra aho fa miaina ao amin'ny andro farany isika. Resy lahatra aho fa io tena Fanahy izay eo amiko ankehitriny io dia ny Fanahy Masina. Voninahitra!

¹⁹⁷ Resy lahatra tanteraka aho. Resy lahatra aho fa marina ny làlan'ny Fanahy Masina. Resy lahatra aho fa ny làlan'ny Baiboly no Fahamarinana. Resy lahatra aho fa Ity no Jesosy Kristy eto ankehitriny. Resy lahatra aho raha nino Azy isika amin'izao minitra izao, dia resy lahatra aho fa hanasitrana ny marary rehetra ao anatin'ny fotoana fohy Izy, indray mipi-maso. Resy lahatra aho fa handatsaka ny Fanahy Masina eto Izy, hany ka hisy tena horakoraka iray, hany ka sarotra ny hiteny an'izay hiseho.

¹⁹⁸ Resy lahatra aho. Mino an'izany amin'ny foko rehetra aho, tsy hoe satria lehilahy antitra iray aho. Nitory an'ity aho fony aho mbola ankizy, tsy nihoatra ny roapolo taona. Resy lahatra aho hatramin'io andro io fa nihaona tamiko teo amin'ny renirano Izy. Haleloia! Resy lahatra aho fa eto Izy ankehitriny. Resy lahatra aho fa io Andry Afo io no ilay Andry Afo iray ihany izay niaraka tamin'ny Isiraely tany an-efitra, no ilay Andry Afo iray ihany miaraka amin'ilay Fiangonana androany. Voninahitra! Resy lahatra aho fa marina Izany. Nanolotra ny fiainako ho an'Izany aho. Nandao ny trano sy ny zavatra hafa rehetra aho, nanome ny zavatro rehetra ho an'Izany. Resy lahatra aho fa Izany no Fahamarinana.

¹⁹⁹ Resy lahatra aho fa eto Izy ankehitriny. Resy lahatra aho fa io Fanahy izay eto ankehitriny io dia ny Fanahy Masina. Resy lahatra aho fa vita batisa ao amin'Ny Fanahiny isika izao ankehitriny izao. Fantatro fa Izany no Fahamarinana. Resy lahatra tanteraka aho fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Resy lahatra aho, resy lahatra tanteraka.

²⁰⁰ Nihaona tamiko io Anjely io tany ary niteny tamiko an'izay Noteneniny. Nitsangana teo anatrehan'ny mpanompo

sampy an'arivony aho, ary an'aliny. Hoy ianareo hoe, "Tsy matahotra ve ianao?" Tsia, tompoko. Resy lahatra aho fa avy amin'Andriamanitra Izany. Resy lahatra aho satria ara-tSoratra Izany. Resy lahatra aho fa Izany ilay Anjelin'ny Tompo. Mino an'izany amin'izay rehetra ato am-poko aho. Amena. Resy lahatra aho, fa raha hangataka zavatra amin'Andriamanitra isika, dia Homeny antsika izany. Matahotra fotsiny ianareo. Aza matahotra. Eto Izy.

²⁰¹ Resy lahatra aho fa io tena Fanahy izay tsapanareo io, ny Fanahy Masina izay mihetsika ao anatintsika, resy lahatra aho fa Izany no Kristy. Amena. Resy lahatra aho fa izao ankehitriny izao, io, Izany no jereko, io faribolan'ny Hazavana eo anoloako io, resy lahatra aho fa izany no Fanahy Masina. Resy lahatra aho fa eo ambonin'ny masoko io fahitana io. Fantatro fa misy Izy. Amena. Mihaika ny devoly rehetra eto amin'izao tontolo izao aho, amin'ity ora ity. Marina! Andriamanitra Izy. Tsy mpaminany iray fotsiny Kristy, Andriamanitra Izy, tsy latsak'izany.

²⁰² Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny. Tsy afaka mitory intsony aho. Ham! Tena hosotra iray! [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

²⁰³ Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Resy lahatra tanteraka fa Izy no Jesosy Kristy, tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay!

²⁰⁴ Ray any An-danitra, resy lahatra aho fa Ianao Izany. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba rehefa miala amin'ity lampihazo ity aho, izao hariva izao, dia hanao zavatra manokana Ianao. Porofoy amin'ny olona, indray mandeha indray, fa Ianao Izany. Apetrako Aminao ity mpanatrika ity. Tompo, eo an-Tànanao izahay. Ataovy aminay izay Hitanao fa saha. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Nisy zavatra nitranga. Resy lahatra aho fa eto Andriamanitra.

²⁰⁵ Nizara karatra fangataham-bavaka ve izy, misy karatra fangataham-bavaka ve? [Hoy ny olona iray hoe, "Tsia."—Mpand.] Tsia. Tsy mila azy ireo isika. Resy lahatra aho fa eto Izy. Mino an'izany ve ianareo?

²⁰⁶ Raha resy lahatra tanteraka ianareo, dia manaova hoe, "Jesosy, mikasika Anao aho, miaraka amin'ny fahatsapan'ny fahalemeko. Mino aho fa niteny ny Fahamarinana Rahalahy Branham. Olona iray fotsiny izy. Ianao no Andriamanitra. Saingy mino aho fa niteny ny Fahamarinana izy, satria Izany no Teny. Aoka hitranga izany, Tompo. Avelao izy hiresaka amiko sy hiteny amiko. Ataovy resy lahatra aho."

²⁰⁷ Indro Izany, efa ato anatin'ny fivoriana. Io ramatoa mipetraka eo io, mivavaka ho an'ny resaka fikorontanan-tsaina iray izy. Ny zananivavy kely, miaraka aminy, misy fahatarana. Hino an'izany ve ianao? Reny marary any an-trano. Manàna

finoana. Aza misalasalala. Afaka mahazo an'izay angatahanao ianao.

208 Resy lahatra aho fa ilay Anjely iray ihany izay nidina tamin'ny endrika Lehilahy iray ary niresaka tamin'i Abrahama, niaraka tamin'ny Lamosiny nitodika nankany amin'ny tranolay, no ilay Anankiray tsy miova eto izao hariva izao. Izy no nampanantena fa hisy izany. Mino aho fa io Anjely iray ihany io no manosotra antsika, satria Andriamanitra Izany. Mino an'izany ve ianareo? Eny àry, Sarah, ato any ho any, miresaha amin'Andriamanitra ianao. Resy lahatra aho, ranabavy. Resy lahatra aho rahalahy, fantatro fa izany no Fahamarinana. Izany tokoa.

209 Misy ramatoa iray mipetraka ato aoriako. Tratry ny aretim-po izy. Mipetraka ato aoriako mihitsy izy. Tsy mahafantatra azy aho. Mijoro eto anoloako izy. Vehivavy iray antenatenan-taona izy. Tsy avy eto izy. Avy any Virginia izy. Rtoa. Fox, manao anao ho salama Jesosy Kristy. Mipetraka ato mihitsy izy. Ndao jerentsika. Io izy, *eto* mihitsy. Minoa.

210 Mino ve ianareo? “Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra.”

211 Inona no heverinao mikasika an'izany, ramatoa? Vahiny ve izaho sy ianao, ny iray amin'ny iray hafa? Mino ahy ho Mpaminaniny ve ianao? Mino ianao? Tratry ny aretin'an-doha ianao. Marina izany. Ny anaranao dia Rtoa. Moore. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Mandehana mody. Aoka ho sitrana.

Mino ve ianareo?

212 Ankehitriny dia misy olona eto, eto alohako eto. Eto izany, olona iray. Vehivavy iray ilay izy. Tratry ny homamiadana eo amin'ny nono izy. Rtoa. Rhodes, minoa an'i Jesosy Kristy Tompo. Tsy fantatro ilay vehivavy. Andriamanitra no mahafantatra azy. “Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra.” Marina.

213 Lehilahy iray mipetraka ery, mivavaka, avy any Tulsa. Atoa. Harwood, minoa an'i Jesosy Kristy Tompo. Mandehana, aoka ho salama. Manàna finoana. Izay ihany no anananao. Tsy fantatro ilay lehilahy, tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Vahiny izahay. Fa marina izany. Nahoana? Nikasika Zavatra izy.


214 Resy lahatra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Resy lahatra ve ianareo fa mihazona Ny Teniny Andriamanitra? [“Amena.”] Raha resy lahatra ianareo, dia firy aminareo no manana ilaina?

215 Ankehitriny, azo antoka, tahaka ny noeritretin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana . . . Anontanio ireo olona ireo. Mandehana, miresaha amin'izy ireo, na aiza na aiza izy ireo . . .

²¹⁶ Mahita anankiray hafa aho. Eny, anankiray hafa. Henoy, jereo raha marina izany na tsia. Ankehitriny dia manodidina ny tranobe Izany. Voahosotra ny tranobe manontolo, ny toerana manontolo. Resy lahatra aho fa ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy no hanasitrana ny olona rehetra eto.

²¹⁷ Resy lahatra tahaka an'izany ve ianareo? Resy lahatra ve ianareo fa miteny ny Fahamarinana aminareo aho? Manamarina ve Andriamanitra fa miteny ny Fahamarinana aminareo aho? Noho izany, mandidy aho mba hitsangananareo ka hanaiky ny fanasitrananareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Raha resy lahatra ianareo, dia atsangano Aminy ny tãnanareo, ka omeo Azy ny dera.

²¹⁸ Ray any An-danitra, ilay Fanahy Masina, fenoy ity tranobe ity. Resy lahatra izy ireo fa resy i Satana.

²¹⁹ Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Satana, mivoaha amin'ity toerana eto ity. Resy lahatra izahay fa izany no Fanatrehan'i Jesosy Kristy eto. Ary ho tanteraka izany. Amena. 

62-0610E Resy Lahatra Avy Eo Dia Liana
Aberdeen High School
Aberdeen, North Carolina U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org